ZAVA-MISY MARINA NY HELO
FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'I KATHRYN BAXTER

MOMBA NY MPANORATRA

*I **KATHRYN BAXTER** dia teraka tao Chattanooga, tao Tennessee. Hatramin'ny fahazazany izy no efa notezaina tao anatin'ny fanarahana ny Tompo. Mbola kely izy dia efa nampahafantarin'ny reniny azy Jesosy Kristy, sy ny famonjena atolony. Niaina ny fahateraham-baovao voalaza ao amin'ny Baiboly izy teo amin'ny faha 19 taona. Rehefa nanompo ny Tompo nandritra ny taona maro izy, dia nihemotra kely indray. Nefa tsy nandao azy ny Fanahin'ny Tompo: niverina tamin'ny Tompo izy ary nanome ny fiainany iray manontolo ho an'ny Tompo. Ary ankehitriny mbola nanompo ny Tompo amin'ny fankatoavana tanteraka izy.*

Teo afovoan'ny taona faha 60, nifindra toerana I Kathryn sy ny ankohonany ka tao Détroit, any Michigan izay niainany taona vitsivitsy. Avy eo, nifindra tany Belleville indray izy, tanàn-dehibe any Michigan. Tao Andriamanitra no nanomboka nanome fahitana azy. Nandritra ny taona maro tao Michigan, dia teo ambany fitondran'ny zokiolona sy ny tompon' andraikitra teo amin'ny fiangonany izy. Ankehitriny, nanomboka tamin'ny taona 1983, dia ny fotoanany rehetra no nanompoany an' Andriamanitra.

Nanambady an'I Bill Baxter efa nihoatra ny 30 taona I Kathryn, efatra ny zanany ary maro ny zafiny izay manohana azy ao amin'ny ministerany. Ny mpanompon' Andriamanitra izay mahalala azy dia tsara filaza azy sy ny ministerany. Manindry ny amin'ny asan'ny Fanahy Masina izy isaka izay mivory, ary maro ny fahagagana izay niseho tao. Ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fanehoana ny heriny dia miseho mandrakariva eo amin'ny fivoriana izay ataony, izay anekeny ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Tia ny Tompo amin'ny fony rehetra izy, amin'ny fanahiny rehetra, amin'ny heriny rehetra, ary amin'ny sainy rehetra, ary ny faniriany dia ny hahazo fanahy maro ho an'I Jesosy Kristy. Izy dia mpanompo voatokana ho an'ny Tompony. Tao anaty nofy no nandraisany ny antso, tao amin'ny fahitany sy fanambarana. Ny taona 1976, tamin'izy nipetraka tany Belleville, niseho taminy tamin'ny endrika olona Jesosy, ary koa tamin'ny nofy sy fahitana. Nanomboka teo, nasehony azy ny helo sy ny karazana toerana misy ny fanahy izay very any anatiny. Nahita ny tany an-danitra koa izy sy ny fotoana ho avy, ny fahoriana lehibe, sy ny fiafaran'izao tontolo izao.

Nisy fotoana izay nisehoan' I Jesosy isan' alina, nandritra ny 40 alina. Nampahafantariny fa ny hafatr'io teny faminaniana io dia natokana ho an'ny olona rehetra. Nisy horonantsary aza efa novinaniana hovokarina.Ny alina, mandeha any amin'ny helo miaraka amin'I Jesosy izy, ny atoandro izy mitady ny teny hitantarany ny zava-misy hitany tany.

FAMPIDIRANA

Miaiky aho fa raha tsy ny hery natafin'ny Tompo Jesosy Kristy dia tsy ho voasoratra ity boky ity, eny fa na boky hafa izay mikasa ny hiresaka ny ankoatr'izao fiainana izao. Jesosy irery ihany no manana ny fanalahidin'ny helo, ary Izy no nividy ny fahafahantsika ao an-danitra. Ity boky ity tamiko dia fanandramana elabe, samirery ary mitaky zavatra maro. Raha ny tena marina, taona maro no lasa vao vita boky ity fanambarana ity

Tamin'ny taona 1976 ity fanambarana ity no nomen'ny Tompo ahy. Valo volana aho vao nahasoratra azy tamin'ny taratasy. Ny fanaovana ny boky dia taona maro. Avy eo, aseho tsirairay araka ny filaharany ny réference ao amin'ny Baiboly ao amin'ny faran'ny boky dia herin-taona vao vitako.

Ny ririnina 1982 sy ny taona 1983 vao vitako izy. Ankoatra ny fotoana nanoratana azy, teo amin'ny 40 andro no nitondran'I Jesosy ahy tany amin'ny helo. Hitako ankehitriny fa tamin'ny fahazazako no efa nanomanan'ny Tompo ahy hanoratra io boky io, tamin'izaho mbola kely, dia nanonofy an' Andriamanitra.

Rehefa nahazo ny fahaterahana vaovao indray aho, tia be ireo olona very aho ary tiako ho voavonjy ny fanahy. Avy eo, niseho tamiko ny Tompo tamin'ny taona 1976, nilaza tamiko Izy fa nifidy ahy hanao asa manokana. Hoy Izy: "anaka, miseho aminao Aho mba hitondrana olona be dia be hiala amin'ny maizina ho amin'ny mazava". Ny Tompo Andriamanitra dia nifidy anao hanatanteraka asa: hanoratra ny zavatra rehetra hasehoko anao.

Hasehoko anao ny fahamarinan'ny helo amin'izay ho betsaka ny ho voavonjy, miala amin'ny làlan-dratsiny dieny mbola tsy tara. Izaho Jesosy, hesoriko hivoaka amin'ny tenanao ny fanahinao dia hoentiko any amin'ny helo ianao, sy ho any amin'ny toerana maro izay tsy maintsy hohitanao.

Homeko fahitana ny any an-danitra koa ianao sy toerana marobe, ary homeko fanambarana be dia be ianao.

CHAPITRE I: AO ANATIN'NY FARIHY MIREHITR'AFO

Tamin'ny volana Mars 1976, raha iny aho nivavaka tao an-trano iny, dia tonga JESOSY KRISTY TOMPO namangy ahy. Efa nivavaka tao amin'ny Fanahy nandritra ny andro maromaro aho, kanjo, vetivety teo dia tsapako ny Fanatrehan'ny Tompo .Feno ny voninahiny ny trano.Nisy hazavana mahery be nameno ny efi-trano izay nisy ahy ; nahatsapa fahatoniana (fiadanam-po) mahafinaritra aho. Avy eo nisy andiana hazavana nifandimby mitambolimbolina sy mifameno.Nahafinaritra ny fijery azy.
Avy eo dia niteny ny Tompo: Izaho no Jesosy Kristy, Mpanjakanao. Hatoroko zavatra ianao mba hampiomanina ny olo-masina amin'ny fiverenako ary hitondra olona marobe hanitsy ny diany.Ny herin'ny maizina dia misy ary marina ny fitsarako.Anaka, hoentiko any amin'ny helo ianao, amin'ny alalan'ny Fanahiko ary hasehoko zavatra marobe ianao, mba holazainao amin'izao tontolo izao. Hiseho matetika aminao Aho,hesoriko amin'ny tenanao ny fanahinao,dia hoentiko any amin'ny helo ianao.Tiako ny hanoratanao boky izay hitantaranao izay zavatra hitanao,sy ny zavatra rehetra hatoroko anao. Hitantara ny zava-misy sy ny ho avy ianao.Marina sy azo itokisana ny Teniko. Izaho no Izy ary tsy misy mitovy Amiko.
Tompo ô,inona no tianao hataoko ? Hoy aho.Ny tenako iray manontolo te hikiakiaka amin'I Jesosy sy hisaotra Azy noho ny Fahatongavany. Azoko lazaina fa ny tena mahafinaritra dia Ilay Fitiavana tonga tamiko. Ilay Fitiavana tena tsara,manome fiadanana. Feno hafaliana, fitiavana lehibe izay tsy ary tsapako.
Feno fiderana ny Tompo ny tenako iray manontolo, te hanome Azy ny fiainako manontolo aho, hampiasainy hamonjeny ny olona amin'ny alalany.

Noho ny Fanahiny Masina dia fantatro fa Jesosy Ilay Zanak'Andriamanitra io miaraka amiko eto an-trano io.Tsy hitako ny teny hanazana an'io Fanatrehan'Andriamanitra io, nefa fantatro fa ny Tompo marina io.
Anaka,hoy ny Tompo,hoentiko ao anaty farihy mirehitra afo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ianao mba hahafahanao manao tatitra ny amin'ny fisiany,mba ilazanao amin'izao tontolo izao fa misy ny farihy mirehitra afo, mba hivoaka ao amin'ny maizina ka hiditra ao amin'ny hazavan'ny Teniko.
Vetivety teo tafasaraka tamin'ny fanahiko ny vatako.Niara niakatra tamin'ny Jesosy avy tao amin'ny efitrano fandriako aho ho any an-danitra.Tsapako tsara ny zavatra mihatra amiko. Hitako ny vady aman-janako ao an-trano eo ambaninay. Matory ry zareo. Ohatra ny hoe maty aho. Ny vatako tavela eo am-pandriana fa ny fanahiko miara-miakatra amin'I Jesosy eo ambonin'ny tafon-tranonay,ohatra ny nahorona ny tafo.Hitako mazava tsara ny fianakaviako matory eo am-pandriany. Henoko Jesosy nandray ahy: aza matahotra hoy Izy.Tsy misy ahiana ry zareo.Fantany ny tao an'eritreritro.
Ankehitriny dia hiezaka ny hampita aminareo antsakany sy andavany ny zavatra hitako aho.Nomen'ny Tompo ahy daholo ny dikan'ny ankamaroan'ny zavatra hitako. Nefa nisy zavatra sasany tsy nolazainy, ka noho izany dia tsy azoko ny dikany.Ny zavatra tsapako ankehitriny dia misy marina ireny zavatra ireny, ary Andriamanitra Irery ihany no afaka maneho izany tamiko. Voninahitra anie ho an'ny Anarany Masina.

Minoa ahy ry Havana, fa tena misy ny helo.Efa nandehanako matetika tamin'ny fanahy izy mba ho entina manomana ity boky ity.
Tonga teny ambony teny amin'ny lanitra izahay. Niherika aho nijery an'I Jesosy. Hita ny voninahiny sy ny fahalehibeazany.Fiadanam-po no avy Aminy.
Noraisiny ny tanako:Tia anao Aho",hoy Izy. Aza matahotra fa miaraka aminao Aho.
Niakatra ihany izahay.Hitako ny tany eo ambaninay. Misy karazana lantinoara miseho amin'ny toerana samihafa eo amin'ny tany no sady mihodinkodina manodidina teboka eo afovoany,avy eo miala.Mihodina ambony lanitra sy tany izy ireo, mitovy amin'ny aloka maloto sady mihodinkodina no mandeha, ohatra ny mihantsy, ary mihetsiketsika foana. Mivoaka avy ao anaty tany izy ireo.

-Inona ireo? Hoy aho nanontany an'I Jesosy, sady nanatona ny iray amin'ireo "entonnoir" izahay.
-Fidirana ao amin'ny helo ireo, hoy Izy.Hiditra ao anatin'ny anankiray amin'izy ireo isika hidirantsika ao anatin'ny helo.
Rehefa niditra tao izahay, ilay tunnel dia mihodina miankavia sy miankavanana sahala amin'ireny tandrimo ireny. Aizina matevina be no nidina taminay sady naheno fofona tena maimbo be ka tsy niaina aho. Eo amin'ny sisin'ny tunnel nisy aloka velona ohatra ny miraikitra amin'ny rindrina. Mamoaka fofona mahatsiravina izy ireo ary mikiakiaka taminay. Naheno hery tsy hita maso aho nandehandeha ao anaty tunnel. Nanano sarotra tamiko vao nahita ireny zavatra ireny ao amin'ny maizina.
Misy zavona maloto sy matevina no mamono ny ankamaroan'ireo zavatra ireo.
-Tompo ô,inona izany? Hoy aho namihina mafy be ny Tànan'i Jesosy.
-Ireo no fanahy ratsy izay vonona haloa any ambonin'ny tany rehefa hodidian'ny satana.

Niha niditra lalina tamin'ny tunnel izahay, ary ireo zavatra ireo dia naneso anay. Niezaka ny handray anay izy ireo, nefa tsy afaka, noho ny Herin'I Jesosy. Maloto be ny rivotra iainana. Ny fisian'I Jesosy no nandrara ahy tsy hikiakiaka manoloana ireo zava-doza ireo. Mahatsapa ny zavatra rehetra ny taovam-pandrenesako rehetra.Eo amin'io toerana io, afaka maheno aho, mahatsapa, mahita ary mahatsapa ny ratsy. Amin'ny zavatra rehetra dia lasa maranitra be ny taovam-pandrenesana rehetra.Tena namparary ahy ny fofona sy ny loto.

Rehefa niha nandroso tao amin'ny tunnel izahay dia kiakiaka no nameno ny toerana, kiakiaka maranitra no nitsena anay tao anatin'ilay tunnel maizina.Tabataba isan-karazany no nameno io toerana io. Manodidina ahy dia tsapako ny tahotra, ny fahafatesana sy ny ota. Ny fofona izay faran'ny ratsy izay tsy ary henoko no nameno ny toerana rehetra:fofona nofo simba ohatra ny hoe nangonina avy amin'ny toerana rehetra no mankao.Tsy ary nisy tety an-tany fofona ratsy na naheno kiakiaka ny famoizam-po tahaka izany.Teo vao fantatro fa hay kiakiaky ny fahafatesana ilay izy. Feno fitarainana ny any amin'ny helo. Naheno fofona maimbo sy hery manintona aho teo alohanay.Nisy jiro ohatra ny tselatra na flash no namaky ilay aizina ary nanisy aloka volondavenona eo amin'ny rindrina. Zara aho raha nahita tandindona zavatra izay teo alohako. Taitra be aho, hay bibilava be ilay izy, no sady nandady nanatona anay. Rehefa nijery tsara aho dia hitako fa feno bibilava faran'izay ratsy ilay toerana.

-Hiditra ao amin'ny ranjo havian'ny helo isika, hoy Jesosy. Hahita fanaintainana mafy ianao, alahelo be,zavatra mahatsiravina. Fihino mafy Aho dia homeko hery sy fiarovana ianao hamakiana ny helo. Ny zavatra ho hitanao dia fampitandremana. **Ny boky izay hosoratanao dia hamonjy fanahin'olona maro tsy hidina any amin'ny helo**. Izao zavatra hitanao izao dia zava-misy. Nefa aza matahotra, fa miaraka aminao Aho.
Tonga tao amin'ny faran'ny tunnel izaho sy ny Tompo Jesosy. Niditra tao anaty helo izahay.
Hiezaka aho ny hanazava aminareo izay hitako araka ny didy nomen'Andriamanitra ahy.
Eo anoloanay hatramin'ny farany lavitra izay takatry ny masoko, nisy zavatra manidina atsy sy aroa. Konaina sy fitolokoana no mameno ny rivotra. Eny lavitra eny, eo ambony dia nahita hazavana kely aho. Nanatona io mazava io izahay. Maina be ny làlana, feno vovoka maloto. Nisy zavatra izay tsy haiko hazavaina tena mahatsiravina loatra, mahatsapa tahotra tsy afahana mihetsika ao amin'ny helo. Fantatro fa raha tsy niaraka tamin'I Jesosy aho, dia tsy ho tafaverina mihitsy.

Na dia nanoratra aza aho, misy zavatra izay hitako, kanefa tsy fantatro ny dikany. Nefa ny Tompo mahay ny zavatra rehetra, ka nanampy ahy hahazo ny tena ilaina tamin'ny zavatra hitako. Mampitandrina anareo aho, aza mandeha amin'io toerana io, toerana feno fijaliana, fangirifiriana sy alahelo izay tsy manam-pahataperana. Ny fanahinao dia velona mandrakizay. Tsy maty mihitsy ny fanahy, io no maha anao anao ary na izy mankany an- danitra, na any amin'ny helo. Raha ao anatin'ny sokajin'olona milaza fa aty an-tany ny helo, marina ny eritreritrareo, ao afovoan'ny tany no misy azy. Misy fanahy mijaly andro aman'alina ao. Tsy misy fahafinaretana ao amin'ny helo, tsy misy fitiavana, tsy misy famindram-po, tsy misy fialan-tsasatra.Toeram-pijaliana izay tsy azon'ny saina eritreretina.

TOKO FAHA-2: NY RANJO HAVIAN'NY HELO

Fofona maimbo no mameno ny toerana:
-Ao amin'ny ranjo havian'ny helo, hoy Jesosy, misy fantsakana be dia be (puits).Io tunnel io dia mifandray amin'ny toerana hafa ao amin'ny helo. Hijanona vetivety ao amin'ny ranjo havia aloha isika. Ireo zavatra rehetra ho hitanao ireo dia hiraikitra mandrakizay ao anatin'ny fitadidianao. Tokony ho fantatry ny olon-drehetra ny fisian'ny helo. Betsaka ny mpanota, ary na dia ny sasany amin'ny oloko aza dia tsy mino ny fisian'ny helo.Nofidiko ianao mba hilazanao izany fahamarinany izany. Izay zavatra hasehoko anao momba ny helo dia marina ary koa ireo zavatra izay hasehoko anao.
Tamin'ny hazavana manelatselatra no nisehoan'I Jesosy tamiko, manelatselatra mihoatra ny masoandro.Tarehin'olona no ao afovoan'io fahazavana io. Indraindray ohatra ny olona no ahitako Azy, nefa indraindray ohatra ny Fanahy.

Niteny indray Izy: - Anaka, rehefa miteny Aho, dia ny Ray no miteny. Izaho sy ny Ray dia iray ihany. Tadidio fa alohan'ny zavatra rehetra dia tokony hifankatia sy hifamelona ny tsirairay avy. Ankehitriny, avia,manaraha Ahy.

Rehefa nandeha izahay dia nandositra ny fisian'ny Tompo ny fanahy ratsy.
-Andriamanitro ô, hoy aho, mbola misy inona koa ankoatr'izao?
Araka ny nolazaiko teo aloha, dia mahatsapa ny zavatra mitranga rehetra ao amin'ny helo ny tenako. Izay rehetra ao amin'ny helo dia mahatsapa tanteraka (5 sens). Ny tahotra dia tsy miala ao amin'io toerana io. Ny loza izay sarotra lazaina mandrahona amin'ny toerana rehetra.Ny dingana alehan'ny tongotro dia mahatsiravina mihoatra ny teo alohany. Ny lavaka ny varavarana mitovy habe amin'ny varavaran-kely misokatra sy mihidy haingana ao ambony ao amin'ny tunnel. Misy kiakiaka heno rehefa manidina eo amboninay ireo devoly ireo ho any amin'ny varavaran'ny helo.
Kely sisa dia ho tonga ao amin'ny faran'ny tunnel izahay. Nangovitry ny tahotra aho noho ny loza sy io fahatsapana tahotra izay manodidina anay. Feno fisaorana an'I Jesosy aho noho ny fiarovany ahy. Misaotra an'Andriamanitra aho noho ny fiarovana lehibe omeny anay, na dia eo afovoan'ny helo aza.Nefa na dia eo aza io fiarovana io dia tsy mitsahatra ny miteny ato anatiko aho: Tsy ny sitrapoko Ray fa ny Anao no aoka tanteraka. Nojereko ny tenako, teo vao tsapako fa hay aho mitovy endrika amin'ny fanahy, ary ny tandindoko dia sahala aminy ihany.
Nanontany tena aho hoe inona indray ny zavatra hitranga?
Niditra tao amin'ny lalan-kely miala amin'ny tunnel izaho sy Jesosy. Misy tany ny sisiny roa. Nahita lavaka marobe feno afo tsy hita pensipensenina izahay. Mirefy 1.20m ny sakan'ireo lavaka ireo ary 1m ny haavony. Manana endrika koveta izy ireo.
-Misy lavaka be dia be ohatra ireo ao amin'ny ranjo havian'ny helo, hoy Jesosy: Avia ianao hampisehoako ny sasany. Nitsangana teo akaikin'I Jesosy eo anatin'ny lalan-kely aho, sady nijery ny tao anatin'ilay lavaka. Nisy solifara niraikitra tamin'ny sisin'ilay lavaka sady nidorehitra sahala amin'ny charbon mirehitra. Eo afovoan'ny lavaka dia misy fanahy very, fanahy izay tonga tao amin'ny helo, taorian'ny nahafatesany. Nisy afo niforona tao anatin'ilay lavaka, ka vetivety teo nandrakotra ilay fanahy very. Vetivety teo indray, ohatra ny maty ao ambany arina ilay afo, nefa miraondraona be sady velona tampoka ka mandrakotra ilay fanahy very ao anaty lavaka.Rehefa nandinika tsara aho, hitako fa hay io fanahy very io voagadra ao anaty squelette.

Tompo ô, tsy afaka ny hamoaka azy ireo ve Ianao? Hoy aho rehefa nahita ireo zavatra ireo. Mahatsiravina ny zavatra hitan'ny masoko.Mety ho izaho io, hoy ny eritreritro.
-Tompo ô, mahatsiravina ny fahitana izao sy ahafantarana fa fanahy velona no ao anatiny ao.
Naheno kiakiaka aho avy tao anatin'ny lavaka voalohany, ary hitako ao anaty squelette misy fanahy izay mitalaho: Jesosy ô, mamindra fo amiko.
-Tompo ô, hoy aho, feom-behivavy izany.
Raha nahita azy aho, dia naniry ny hanala azy avy tao anaty afo; vaky ny foko. Endrika squelettique vehivavy voafono zavona maloto sy volon-tany no miteny amin'I Jesosy.Tsy nahateny aho,nohenoiko izay nolazainy. Nofo efa rava no miantona avy amin'ny taolany, ka rehefa may izy dia latsaka ao amin'ny faran'ilay lavaka. Eo amin'ny toerana izay nisy ny masony teo aloha, tsy nisy afa-tsy lavaka roa.Tsy nisy volo intsony izy.Nanomboka tamin'ny tongony ny afo malefaka madinika avy eo dia miha lehibe no sady mandady mianika ny tenany, avy eo mananika ny tenany manontolo.Ohatra ny mirehitra tsy an-kijanona ilay vehivavy na dia efa kely aza ny afo, avy ao anatiny lalina no mivoaka ny tomany sy ny senton'ny famoizam-po:
-Tompo, Tompo!Te hivoaka ato aho.
Nitsangana ravehivavy, nanandratra ny tànany tamin'I Jesosy. Nijery an'I Jesosy aho, ka nahatsapa alahelo lehibe teo amin'ny tarehiny.
-Anaka, hoy Jesosy, miaraka Amiko aty ianao mba hampahafantra izao tontolo izao fa fahafatesana no tambin'ny ota, ary misy ny helo.
Nitodika nijery ilay vehivavy aho, ary hitako, nisy kankana nivoaka tamin'ny squellete-ny. Tsy mampaninona azy ireo ny hafanana.
-Fantany fa ao anatiny ireo kankana ireo, hoy Jesosy, tsapany ireo.
-Andriamanitra ô, mamindra fo aminy, hoy aho. Nahatratra ny fara-tampony ny hafanana ary nandrakotra azy indray ny afo.
Kiakiaka sy ranomaso lalina no nivoaka avy tao amin'ilay vehivavy.Very izy,ary tsy misy fomba ialany ao intsony.
-Jesosy ô! maninona izy no lasa aty,hoy aho tamin'ny feo malemy,satria natahotra aho.
-Avia, hoy Jesosy.
Ny làlana nisy anay dia sahala amin'ny circuit: làlana fanaovana sport ireny ka ny làlana nialana ihany no ahatongavana,nanavatsava teo anelanelan'ireo lavaka marobe tsy tambo isaina.Ny tomanin'ireo maty ka velona, miaraka amin'ny toreo sy kiakiaka mahatsiravina no tonga an-tsofinay avy eny rehetra eny.

Tsy nisy fotoana ialan-tsasatra. Ny fofon'ny fahafatesana sy ny nofo mihalo nameno ny rivotra niainana.

Nanatona ny lavaka manaraka izahay. Ao anatiny, izay nitovy refy tamin'ny voalohany, dia nisy karan' olona. Dia nahare feo na lehilahy izahay:
-Tompo ô, mamindra fo amiko.
Rehefa miteny ireny olona ireny vao fantatro na lehilahy na vehivavy. Nisy ranomasom-pitarainana nivoaka avy tamin'io lehilahy io.
-Miala tsiny aho Jesosy .Mifona Aminao aho. Avoahy ato aho. Efa teto amin'ity toerana ity taona maro aho. Milela-paladia Anao aho, avoahy aho ! Fitomaniana mafy no nampiovitrovitra ny tenany efa karana sisa.
-Raha mety Ianao Jesosy, avoahy aho hoy ny fitarainany.
Nitodika tamin'I Jesosy aho, ary hitako fa nitomany koa Izy.Nitraka Izy,dia niteny hoe:
-Ray,Raiko ô,mamindrà fo.
-Tompo Jesosy ô,hoy ralehilahy, tsy efa nijaly ela ve aho noho ny heloko? Efa 40 taona aho no tato hatramin'ny nahafatesako.
Jesosy namaly: **"Efa voasoratra hoe: ny marina dia mivelona amin'ny finoana. Ny mpaniratsira sy ny tsy mino dia manana ny anjarany ao anaty farihy afo. Tsy nety nino ny fahamarinana ianao. Efa imbetsaka no nalefa tany aminao ny oloko mba hanoro anao ny làlana, nefa tsy nety nihaino azy ianao. Nihomehy azy ianao, nolavinao ny Evanjely. Eny fa na dia maty ho anao teo ambony Hazofijaliana aza Aho, nanaraby Ahy ianao, ary tsy nety nibebaka noho ny helokao. Nomen'ny Raiko fotoana im-betsaka ianao mba ahafahanao ho voavonjy. Raha mba nihaino mantsy ianao"**.
Nitomany Jesosy.
-Fantatro, Tompo, hoy ilay lehilahy nanohy,fantatro,fa amin'izao aho mifona.
-Efa tara loatra, hoy Jesosy.Efa vita ny fitsarana.
-Tompo ô, hoy ralehilahy, maro amin'ireo fianakaviako izao ho tonga aty, satria ry zareo koa tsy mety mibebaka. Raha mety Ianao, Tompo, avelao aho hiteny amin'izy ireo hibebaka ny fahotany izy dieny zareo mbola any ambonin'ny tany.Tsy tiako ny ho aty izy ireo.
-Manana mpitory izy ireo, hoy Jesosy, olona izay mampianatra azy, olon-kendry. Ireo rehetra ireo dia mitory aminy ny Evanjely. Ka ireo no hiteny aminy. Ankehitriny efa misy ny fitaovam-pifandraisana arifomba maro ahafahan'izy ireo mahalala Ahy. Nalefako ho amin' izy ireo ny mpiasa mba hino izy ka ho voavonjy.Raha tsy mino raha mandre ny Evanjely, dia tsy ho resy lahatra izy na dia misy mitsangana amin'ny maty aza.

Rehefa nahare izany ilay lehilahy, dia tezitra be, ary nanomboka nanompa.Teny fanazimbazimbana no nivoaka ny vavany. Naharikoriko ahy no nijery ilay olona, niakatra ny lelafo ka ny nofony efa maty sy lo dia nanomboka may no sady nilatsaka nikiraviravy. Ao anatin'ny trano (carapace) ny fahafatesana, hitako ny fanahiny, mitovy amin'ny zavona maloto mivolondavenona ary nameno ny karany.
Nitodika tamin'I Jesosy aho dia niteny:
-Tompo ô, mahatsiravina be!
-Misy ny helo, hoy Jesosy. Misy ny fitsarana, kanefa ireny olona ireny dia tiako,anaka.Nefa ireo zavatra ireo dia fiandohan'ny zavatra mahatsiravina izay hasehoko anao,izay mbola misy maro be hojerena. Mandehana teneno izao tontolo izao fa misy ny helo, ka tokony hibebaka ny lehilahy sy vehivavy noho ny helony.
-Avia, manaraha Ahy,mila manohy ny diantsika isika.
Tao anaty lavaka manaraka, nisy carcasse kely na vehivavy izay eo amin'ny 80 taona eo ho eo. Tsy fantatro hoe ahoana no nahalalako izany, fa dia fantatro fotsiny.Voaongotra miala amin'ny taolany ny fofony noho ny lelafo tsy ankijanona.Hany sisa nijanona dia ny karana sy ny fanahy miloko volondavenona izay tao anatiny.Nandinika ny afo izay nandoro azy aho.Kely sisa dia tsy nisy intsony afa tsy ny taolana sy ny kankana izay nandehandeha tao anatiny,izay tsy main'ny afo.
-Tompo ô, tena mahatsiravina hoy aho. Tsy haiko na ho afaka handeha lavitra intsony aho.Tena mahatsiravina,tsy takatry ny saina hoeritreretina.Manodidina ahy hatrany amin'ny fara-vodi-lanitra,feno fanahy izay may ao anaty lavaka mirehitra.
-Anaka, izany no hahatongavanao aty, hoy Jesosy. Mila mahafantatra sy milaza ny marina momba ny helo ianao. Misy ny lanitra. Misy koa ny helo. Avia, andao hanohy ny diantsika isika.
Niherika aho nijery ilay vehivavy. Ny ranomasony dia ranomason'alahelo tsy hay lazaina. Izaho nandinika azy, hitako nakambany ny tanany taolana sisa ohatra ny hoe hivavaka. Tsy zakako intsony, nitomany aho.Olona fanahy aho nefa dia fantatro fa na any amin'ny helo aza ny olona dia mahatsapa ihany koa. Fantatry Jesosy ny eritreritro.

-Eny, anaka, marina izany. Rehefa tonga aty ny olona dia manana fahatsapana sy fieritreretana toy ny eny ambonin'ny tany. Tadidiny ny fianakaviany, ny namany, ny fotoana izay nahafahany hibebaka, nefa nandà izany.Voatazony daholo ny fitadidiany. Raha mba nino ny Evanjely mantsy izy ireo, ka nibebaka dia tsy tara loatra.
Nitodika nijery ilay vehivavy indray aho, ary hitako fa ranjo iray ihany no sisa ananany. Ary ohatra ny nisy lavaka maro eo amin'ny valahany.
-Fa inona ireo Jesosy? hoy aho
-Anaka, voan'ny cancer izy fony tany amin'ny tany. Reraka be izy. Nanao izay hamonjena ny ainy ny mpandidy. Nandeha ny taona maro, lasa kizitina izy. Maro ny mpanompoko no tonga nivavaka ho azy ary nilaza fa afaka ny manasitrana azy Aho. Hoy izy: Andriamanitra no nanao izany ahy. Tsy nety nino ny Evanjely sy tsy nety nibebaka izy. Efa nisy fotoana fohy aza nahafantarany Ahy, nefa avy teo nanomboka nankahala Ahy izy. Nilaza izy fa tsy mila an'Andriamanitra ary tsy mila ny fanasitranako azy. Im-betsaka Aho no nitalaho taminy mba hinoany fa te hanampy azy Aho, hanasitrana azy ary hitso- drano azy. Nitodihany lamosina Aho dia nompainy. Nilaza izy fa tsy mila Ahy. Ny Fanahiko Masina no nitalaho taminy mba hitodihany amiko. Na dia nitodi-damosina Ahy aza izy, mbola nandramako nosintonina tamin'ny alalan'ny Fanahiko izy. Fa tsy te hihaino izy. Farany, maty izy dia tonga aty.
Nitaraina mafy tamin'I Jesosy ilay vavy antitra
-Tompo Jesosy ô, mifona Aminao aho ankehitriny. Manenina aho ny tsy mba nifona fony aho tany ambonin'ny tany.
Nikiakiaka tamin'I Jesosy izy no nitomany mafy
-Tahaka izay aho mba nifona dia voavonjy talohan'ny fotoana. Tompo ô, ampio aho hiala amin'ity toerana ity. Hanompo Anao aho, ho tsara fanahy aho. Tsy efa be ve izay ny fijaliako? Fa naninona aho no niandry tara loatra? Nahoana aho no nangatak' andro ka efa tsy niady ho ahy intsony ny Fanahinao, nahoana aho no niandry ka tsy niady ho ahy intsony ny Fanahinao?
-Nanana fotoana betsaka ianao mba hifonanao sy hanaovanao ny asako hoy Jesosy. Hita nisoritra teo amin'ny Tarehin'I Jesosy ny alahelo no sady nandeha izahay.Sady nijery ilay vavy antitra nitomany aho no nanontany:
-Tompo ô, mbola misy inona koa any lavitra any?

Azoko tsapain-tànana ny tahotra manodidina anay. Ny alahelo, ny fitolokoana noho ny fanaintainana, ary rivotra ny fahafatesana (atmosphère de mort) no manjaka eny tontolo eny. Tamin'ny fo feno alahelo sy fiantrana no mbola nandrosoanay ihany, izaho sy Jesosy hatramin'ny lavaka manaraka.Na dia lavitra aza ny elanelana nisy anay, mbola reko foana ny tomanim-panenenana sy ny fangatahana famindram-pon 'ilay vavy antitra tamin'I Tompo. Raha mba misy azoko natao mantsy mba hanampiana azy dia nataoko, hoy aho an'eritreritra.

Ry mpanota, milela-paladia anareo aho, aza miandry ny fotoana hijanonan'ny Fanahin' Andriamanitra hiady ho anareo, aza miandry ny fotoana izay tsy hiadian'ny Fanahy masina ho anao intsony. Tao anatin'ny lavaka manaraka dia nisy vehivavy. Mandohalika izy, ohatra ny mitady zavatra, ny tenany dia ohatra ny squelette feno lavaka. Hita ny taolany, ny akanjony rovitra misy afo. Ny lohany sola, tsy nisy afa tsy lavaka sisa eo amin' ny fitoeran'ny orony sy ny masony.Nisy vain'afo kely efa nihamaty teo amin'ny tongony, teo amin'ny toerana izay handoalehany. Nisarangotra tamin'ny sisin'ilay lavaka izy. Niraikitra tamin'ny tànany ny afo ary ny nofo maty dia nihintsana isaka ny nandrangotra ilay rindrina izy. Ranomaso be no nandronjina ny tenany.
-Tompo ô, Tompo ô, hoy ny talahony, te-hivoaka aho.
Nandritra ny nijerenay azy, tody teo amin'ny sisin'ny lavaka ihany izy. Nihevitra aho hoe afaka mandositra izy, kanjo nisy devoly ngeza be manana elatra lehibe ohatra ny tapaka ny tendrony, no sady nikiraviravy amin'ny tenany no nihazakazaka nanatona azy. Marron foncé ny lokony ary nisy volo ny tenany. Milentika lalina tao anaty ny tarehiny ny masony ary lehibe sahala amin'ny grizzly (karazana ours) ny vatany.
Nanatona ilay vehivavy ilay devoly dia nanosika mafy azy tao anaty lavaka, eo afovoan'ny afo. Kiriko be aho nahita azy nianjera. Tsapako ny tenako no vakivaky. Tiako halaina izy dia hofihiniko, ho tohanako, ary angatahiko amin' Andriamanitra mba hanasitrana azy. Jesosy anefa nahalala ny tato an-tsaiko, ka hoy Izy:
- Anaka, efa vita ny fitsarana. Andriamanitra no niteny. Tamin'izy mbola kely, efa im-betsaka Aho no niantso azy hanompo Ahy. Tamin'ny faha-16 ny taonany, nanatona azy Aho, dia niteny taminy hoe: Tiako ianao. Omeo Ahy ny fiainanao, manaraha Ahy fa misy asa manokana hampanaoviko anao.
Niantso azy foana Aho nandritra ny androm-piainany. Fa tsy te hihaino izy. Indray andro any, hanompo Anao aho, hoy izy. Tsy manana fotoana ho Anao aho ankehitriny. Tsy manana fotoana aho, tsy misy. Te hanararaotra ny fiainako aho. Tsy manam-potoana aho, tsy manana fotoana hanompoana an'I Jesosy.

Rahampitso aho manao. Kanjo tsy tonga mihitsy ilay ampitso. Niandry foana izy, kanjo tara loatra. Nilela-paladia an'I Jesosy ilay vehivavy:
-Mijaly ny fanahiko. Tsy misy ahafahako mivoaka ato. Manaiky aho fa naleoko izao tontolo izao noho Ianao, Tompo. Nitady harena, laza, aho, ka dia nahazo izany. Afaka nividy izay tiako. Izaho ihany no mpampiasa ahy. Izaho no vehivavy farany nihaingo tamin'ny androko, tsara fitafiana.Nahazo ny harena, ny fahombiazana, voninahitra aho. Nefa hitako fa hay tsy azoko nentina rehefa maty aho. Tompo ô, mahatsiravina ny helo (horrible). Tsy manam-pitsaharana aho na andro na alina. Ao anatin'ny alahelo sy ny fanaintainana mandrakariva.Tompo ô, ampio aho.Nijery ny Tompo tamin'ny fitalahoana ilay vehivavy.

-Ry Tompoko malemy fanahy ô, hoy izy. Raha mba nihaino Anao mantsy aho. Nikasa ny hanompo Anao ihany aho indray andro any, rehefa vonona. Nihevitra aho fa eo foana Ianao ho ahy. Kanjo diso hevitra aho. Izaho dia iray tamin' ireo vehivavy tamin'ny fotoan'andro izay be mpitady noho ny hatsaran-tarehiko. Fantatro fa nantsoin' Andriamanitra aho hibebaka. Nandritra ny androm-piainako, nosintonin'ny tady mahazakan'ny fitiavany aho, nihevitra aho fa afaka hampiasa an'Andriamanitra sahala amin'ny olona. Noheveriko fa nanana fotoana ho ahy foana Izy. Eny, nataoko fitaovana Andriamanitra. Efa nataony daholo izay azony natao mba hanompoako Azy, nefa aho nieritreritra foana hoe tsy mila Azy aho. Kanjo diso hevitra aho. Nanomboka nampiasain'I satana aho. Ary izaho kosa nanomboka nanompo azy. Farany, naleoko satana toy izay Andriamanitra. Nampiasain'I satana ny hatsaran-tarehiko sy ny volako, ny saiko rehetra dia nifantoka tamin'izay tokony hatao mba hazahoako hery. Na dia izany aza anefa dia mbola nisintona ahy ihany Andriamanitra ho eo Aminy. Nefa dia ampitso ampitso lava no nataoko momba ny fanapahan-kevitro. Indray andro nentin'ny chauffeur-ko tamin'ny fiara aho, nahadona trano izahay ka dia maty aho.Tompo ô, miangavy Anao aho avelao aho hivoaka.
Mandritra ny nitenenany, natsangany tamin'I Jesosy ny tànany sy sandriny efa tsisy nofo no sady main'ny afo.
-Efa vita ny fitsarana, hoy Jesosy.
Nijohy tamin'ny takolany ny ranomasony, izahay kosa nandeha ho amin'ny lavaka manaraka. Izaho kosa nitomany anaty manoloana ny zava-mahatsiravina ao amin' ny helo.
-Tompo ô, hoy aho.Tena marina ireo fijaliana ireo. Raha misy fanahy tonga ao amin'ny helo, tsy misy fanantenana intsony, tsisy aina intsony, tsisy fitiavana. Tena misy ny helo.
Niteny tato anatiko aho: tsy misy fivoahana intsony. Io olona io izany dia ho may mandrakizay ao anatin' ireo afo ireo…
-Mandeha ny fotoana, hoy Jesosy. Rahampitso isika miverina.

Ry namana, raha miaina ao anaty ota ianao, miangavy anao aho, mibebaha ianao. Raha teraka indray ianao, ka avy eo niala tamin'Andriamanitra, mibebaha ianao dia miverena Aminy ankehitriny. Manaova ny tsara, mitsangana ianao ho amin'ny fahamarinana, mifohaza ianao dieny mbola tsy tara, ka hiaraka ho any an-danitra mandrakizay miaraka amin'ny Tompo ianao.
Nandray fitenenana indray Jesosy ka nanao hoe:
-Manana tena ny helo, sahala amin'ny tenan'olombelona, matory mitsilany ao afovoan'ny tany. Ny helo dia manana endrika olona ngedabe, no sady misy efitrefitra feno fampijaliana.Tadidio fa tsy maintsy miteny amin'olona ianao fa misy ny helo.Fanahy very aman-hetsiny no aty, ary mihamaro ny tonga isan'andro. Rehefa tonga ny andron'ny fitsaran-dehibe, ny fahafatesana sy ny helo dia hatsipy ao anaty farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa.

TOKO FAHA-3: NY RANJO HAVANAN'NY HELO

Tsy nahita tory, tsy nisakafo aho rehefa afaka ny alina izay nandehanako tany amin'ny helo. Isan'andro dia miverina ao an-tsaiko ny zavatra hitako. Tsy nety afaka tao anaty sofiko ny kiakiak'ireo voaozona ohatra ireny fandaharana amin'ny fahita lavitra ireny. Iainako tsy an-kijanona ny zavatra rehetra hitako tany amin'ny helo. Ny alina aho mandeha any amin'ny helo, ny andro aho, mitady ny teny hitantarako ny zavatra mampatahotra amin'ny olona.
Niseho tamiko indray Jesosy ka niteny hoe: Anaka, androany alina dia hoentiko ao amin'ny ranjo havanan'ny helo ianao. Aza matahotra satria tia anao Aho, ary miaraka aminao. Maloka be ny endriky ny Tompo. Feno alahelo lalina sy fitiavana lalim-paka ny masony. Na dia very mandrakizay aza ireo olona ao amin'ny helo ireo, fantatro fa tian'I Jesosy foana izy ireo ary tiany mandrakizay.

-Anaka, hoy Izy, Andriamanitra Raintsika dia nanome fahafahana antsika ahafahantsika mifidy na hanompo Azy na hanompo devoly. Fantaro fa tsy noforonin'Andriamanitra ho an'ny olony ny helo.Satana dia mamitaka ireo izay tiany hanaraka azy. Ho an'I satana sy ny anjeliny no namoronana ny helo. Tsy ny sitrapoko na ny an'ny Raiko ny ahafaty ny olona.
Nisy ranomason'alahelo nirotsaka teo amin'ny takolany. Rehefa mampiseho anao ny helo Aho, hoy ihany Jesosy nanohy, dia tadidio ny teny nolazaiko: "Manana ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany Aho". Raha ohatra ny hoe nandao anao Aho, nefa tsy izany. Indraindray, misy fotoana, mahita antsika ny herin'ny satana sy ny fanahy very, indraindray tsy mahita. Aza manahy ny amin'izay alehantsika, mitonia, ary aza matahotra ny hanaraka Ahy.
Niara-nandeha izahay. Nanaraka Azy aho, tena akaiky Azy no sady nitomany. Efa andro maro izay tsy nisy nataoko afa tsy nitomany. Tsy afaka ato an-tsaiko ny fisian'ny helo. Ohatra ny eo ambany masoko foana. Nitomany indrindra indrindra tato anatiko aho. Ory dia ory ny fanahiko.

Tonga tao amin'ny ranjo havanan'ny helo izahay. Raha mijery ny eo alohako aho, dia hitako fa ao amin'ny lalan-kely maina sady may no nisy anay. Kiakiaka no nameno ny toerana, rivotra maloto. Ary ny fofona maimbon'ny fahafatesana heno eny rehetra eny. Tena nahatsiravina ny fofona ka lasa naloiloy be aho. Aizina no nameno eny rehetra eny, ankoatra ny hazavana izay mivoaka avy amin'I Kristy sy ny lavaka misy afo mameno ny hita maso rehetra hatrany lavitra any. Vetivety teo, devoly isan-karazany no nandalo teo anoloanay. Nisy devoly kely nigonongonona taminay no sady niala anay. Nisy fanahin-devoly maro samihafa habe sy bika nifanaretsaka. Eny lavidavitra eny, nisy devoly izay lehibe nanome baiko tamin'ireo kely noho izy maro be. Nijanona nihaino azy izahay.
-Misy koa, hoy Jesosy, tafika iray tsy hita maso, herin'ny maizina izay tsy hitantsika eto dia ny fanahin'aretina.
-Mandehana hoy ilay devoly lehibe mantsy ilay devoly kely marobe.Ataovy izay ratsy rehetra .Ravao ny tokantrano, simbao ny fianakaviana, fitaho ny Kristianina mbola marefo, omeo fampianaran-diso, fitaho araka izay azo atao ireo. Mahazo ny valisoanareo ianareo rehefa miverina. Tsarovy anefa fa tokony ho mailo indrindra ianareo amin'ireo izay tena nandray an'I Jesosy ho Mpamonjy azy, satria manana fahefana handroaka anareo izy ireo. Mandehana mandeha eran'izao tontolo izao. Efa nandefa betsaka any ambony any aho, ary mbola manana maro hafa halefa. Tadidio fa mpanompon'ny zanaky ny maizina sy ny hery eny amin'ny rivotra isika. Rehefa izany, nanomboka nanidina niakatra any amin'ny ambony ao amin'ny helo izy ireo. Nisokatra hivoahan'izy ireo ny varavaran'ny ranjo havanan'ny helo. Ny sasany kosa nivoaka avy tamin'ilay entonnoir izay nandehananay nidina.

Hanandrana hanoro anareo ny tarehin'ireo zavatra ratsy ireo aho. Ilay niteny dia ngeza be, mitovy habe amin'ny grizzly efa nitsaha-nitombo ireny. Marron ny lokony. Ny lohany sahala ny an'ny ramanavy, ny masony milentika lalina ao anaty lohany feno volo. Ny tànany roa feno volo mikirozaroza, misy vangy mivoaka amin'ny tarehiny. Ny anankiray kosa kely ohatra ny babakoto, lava tànana be no sady feno volo ny tenany rehetra, kely ny tarehiny ary lava orona, tsy nahita maso teo aminy aho. Nisy anankiray koa ngeza be ny lohany,ny sofiny ary maimbo be. Nisy anankiray koa lehibe sahala amin'ny soavaly ary malama ny hodiny.Nampandoa ahy ny fahitana ireo devoly ireo sy ireo fanahy ratsy ireo ary ny fofona avoakany.
Na taiza na taiza nojeren'ny masoko dia nahita ireo devoly sy fanahy ratsy ireo aho. Fantatro tamin'ny Tompo fa ny farany lehibe amin'ireo devoly ireo dia mandray baiko mivantana avyamin'I satana.
Nanaraka ilay lalan-kely ihany izaho sy Jesosy ka tonga teo amin'ny lavaka misy afo iray. Eny tontolo eny, tsy misy afa tsy kiakiakana fangirigiriana sy tolokon'alahelo tsy hay eritreretina.
-Andriamanitro ô! Inona indray rehefa avy eo? Hoy aho nanontany.
Nandeha mahitsy ihany ny làlanay, eo afovoan'ireo zavatra masiaka izay ohatra ny tsy mahita anay, nijanona teo anoloan'ny cellule misy afo sy soufre izahay. Ao anatin'io efitra io, dia nisy squelette na lehilahy avo ranjanana. Henoko nitory teny izy. Nitodika aho nijery an'I Jesosy aho, gaga, nanantena fanazavana, satria fantany daholo ny eritreritro.
-Tamin'io lehilahy io tany ambonin'ny tany, dia mpitory ny filazantsara, hoy Izy. Nisy fotoana nitoriany Ahy sy nanompoany Ahy.
Nanontany tena aho hoe inona no ataon'ity lehilahy ity aty amin'ny helo? Avo ranjanana izy. Lamba efa rovidrovitra sisa eo an-kodiny. Nisy nofo may nihantona amin'ny tenany, ary ny karan-dohany ohatra ny may. Nisy fofona maharikoriko nivoaka avy aminy. Hitako nanakambana ny tànany izy, ohatra ny mitana boky, ary nanomboka namaky io nataony boky io. Teo dia tsapako ny tenin'I Jesosy hoe: "Mahatsapa ny zavatra rehetra any amin'ny helo, ary mahatsapa bebe kokoa aza.,Nanomboka namaky verset tao amin'ny Soratra Masina ilay lehilahy ary araka ny eritreritro dia tsara izany. Niteny tamin'ny feo feno fitiavana tamin'ilay lehilahy Jesosy nanao hoe:
-Mijanona am-piadanana, mitonia.

Teo noho eo dia nijanona tsy niteny ralehilahy. Natodiny moramora tamin'I Jesosy ny masony. Hitako tao anatin'ny squelette-ny ny fanahiny.Niteny tamin'ny Tompo izy.
-Tompo, ankehitriny aho dia vonona ny hitory ny fahamarinana amin'ny olona rehetra. Ankehitriny vonona aho ny hilaza ity toerana ity amin'ny olona.Fantatro fa tamin'izaho mbola tany ambonin'ny tany, tsy nino aho fa misy ny helo, tsy nino ihany koa aho ny amin'ny hiverenanao. Toriako amin'ny olona izay tian'ny olona ho heno, ary dia nampidi-doza ny marina manoloana ny olona tao amin'ny Eglizy ko aho.Miaiky aho fa tsy tiako ny olona hafa fiaviana sy hafa volon-koditra, ary dia be no nalatsako tao amin'ny fahaverezana, lavitra Anao. Nanana ny fanazavana manokana ho ahy aho momba ny zavatra any an-danitra tsara sy ratsy. Miaiky aho fa nitondra olona maro tamin'ny fampianaran-diso,ary nentiko tamin'ny lalan-diso, lavitra ny Teninao Masina. Nalaiko ny volan'ny mahantra. Nefa, Tompo, avelao aho hiala ato dia hitondra tena tsara. Tsy haka ny volan'ny fiangonana intsony aho. Efa nibebaka aho. Ho tia ireny olona hafa firazanana sy hafa volon-koditra aho.
-Tsy vitan'ny nanodina sy nandika vilana ny Soratra Masina ianao,hoy Jesosy taminy, fa nandainga ihany koa ho tsy nahalala ny marina. Ny fahafinaretana tamin'ny fiainana no ambony taminao noho ny marina. Namangy anao Aho, ary niezaka nanatona anao, fa tsy nety nihaino Ahy ianao. Nandeha nanaraka ny làlanao ianao ary dia lasa mpampianatrao ilay ratsy. Fantatrao ny marina nefa tsy te hibebaka ianao ka hitodika ho aty Amiko? Teo foana Aho nandritra izany fotoana rehetra izany, niandry anao Aho. Tiako ny mba hibebahanao nefa tsy nanao izany ianao. Ankehitriny anefa efa vita ny fitsarana. Nisoritra teo amin'ny Tarehin'I Jesosy ny fiantrana. Fantatro fa raha niaina ny antson'ny Mpamonjy ity lehilahy ity, ankehitriny dia tsy taty amin'ity toerana ity izy. O! Ry namako, mihainoa, miangavy anareo aho. Mbola niteny tamin'io niverin-dalana io Jesosy.
-Tokony ho nambaranao ny marina, tokony ho marobe no nentinao tamin'ny fahamarinana miaraka amin'ny Tenin' Andriamanitra, izy miteny fa ny tsy mpino rehetra dia manana ny anjarany ao amin'ny farihy mirehitra afo sy solifara. Fantatrao ny làlan'ny hazo fijaliana sy ny làlan'ny fahamarinana ary fantatrao ny fitoriana ny marina. Nefa dia nofenoin'I satana lainga ny fonao ary dia latsaka tao amin'ny ota ianao.
Tokony nifona tamin'ny fonao rehetra ianao fa tsy nifona tapany. Marina ny Teniko, tsy mandainga Izy. Ankehitriny anefa efa tara loatra. Tara loatra! Rehefa naheno izany ilay lehilahy dia nanambana totohondry an'I Jesosy, ary nanompa Azy. Na izany aza anefa, hoy Jesosy:-Ry Raiko ô, mamindrà fo aminy.
Tamin'alahelo no niakaranay sy Jesosy ny cellule manaraka. Ilay mpampianatra fianaran-diso, tezitra mbola nanohy nanompa an'I Jesosy. Nandeha namakivaky ireo cellules na afo izahay, dia nahita tànana maro niezaka nanakatra an'I Jesosy tamin'ny feo feno fitarainana, nilela-paladia mba hamindrana fo aminy.Tsy nisy nofo intsony ny tànany, ny sandriny miloko mainty satria may. Tsy nisy nofo velona, tsy nisy rà, tsy nisy taova. Ny fahafatesana irery no nanjaka. Nitomany tanatiko aho.

Ry tany ô! Mibebaha ianao. Raha tsy manao izany ianao dia ho tonga aty amin'ity toerana ity. Mitsahara dieny tsy mbola tara.

Nijanona teo anoloan'ny cellule iray aho. Nahatsapa alahelo sady ontsa an'ireo fanahy rehetra ireo aho ka henoko mihena ny heriko. Hita tsy ho tafatsangana aho. Ranomaso no nameno ahy.
-Jesosy! Marary mafy ny ato anatiko, hoy aho.
Avy ao anaty cellule nisy feom-behivavy niteny tamin'I Jesosy. Nitsangana tao afovoan'ny afo izay mandrakotra tanteraka azy io vehivavy io, feno olitra ny taolany sady feno nofo efa simba. Mihetsiketsika manodidina azy ny afo. Natolony an'I Jesosy ny tànany ary nikiakiaka izy hoe: Avoahy ato aho, homeko Anao ny foko izao, Jesosy. Holazaiko amin'ny hafa ny famelana. Handeha hitory Anao aho, miangavy Anao aho, raha ety Ianao avelao aho hivavaka.
-Ny Teniko no fahamarinana, hoy ny navalin'I Jesosy. Lazainy hoe: tokony hibebaka ny olona rehetra, hiamboho ny fahotany rehetra ary manasa Ahy hiditra ao amin'ny fiainany raha tsy te ho any amin'ny helo izy. Avy amin'ny Rako no misy famelan-keloka be dia be. Tsy miova Aho, ary mitsara marina, ka mamela heloka ho an'izay mandeha aty amiko. Tsy manosiboho-tànana Aho. Niherika Izy, nijery ilay vehivavy dia niteny hoe:
-Raha nihaino Ahy ianao, raha nanaiky nanatona Ahy ianao, raha nibebaka ianao, dia namela anao Aho.
-Tompo, hoy ravehivavy nanontany, tsy misy fomba ialako ato ve?
Niteny tamin'ny feo malemy Jesosy nanao hoe:
-Ravehivavy, efa nomena fahafahana maro ianao mba hibebahanao. Nefa nanamafy ny fonao ianao. Tsy nanaiky ianao. Fantatrao ny Teniko nanao hoe: ny mpijangajanga dia manana ny anjarany ao amin'ny farihy afo.

Nitodika nijery ahy Jesosy dia nanao hoe: “Betsaka ny lehilahy nentin’io vehivavy io tamin’ny fakam-panahy. Tokantrano maro no efa vaky, potipotika noho izy. Na dia izany aza, tsy nitsahatra ny tia azy Aho.Nanatona azy Aho, tsy hanameloka azy fa hamonjy azy ka naniraka maromaro tamin’ireo mpanompoko mba hifonany ny amin’ny làlan-dratsiny. Fa tsy nety izy; Raha mbola tanora izy dia efa niantso azy Aho. Nefa nanohy nanao ny ratsy fanaony ihany izy. Nanao zavatra tena ratsy izy. Satriko indrindra ny hamela ny helony raha nanatona Ahy izy. Niditra tao aminy satana, ka lasa feno fankahalana izy, ary tsy mamela heloka na iza na iza. Ny antony nandehanany any am-piangonana dia ny hifankahitany amin’ ny lehilahy sy ny hanodina azy. Raha nanatona Ahy izy, dia voasasa tamin’ny Rako ny helony. Misy ao anatiny anefa nanana fanirianany hanompo Ahy, nefa ny olona tsy afaka ny hanompo an’ Andriamanitra sy satana miaraka. Ny olona tsirairay tokony mifidy izay tiany hotompoina.
-Tompo, hoy aho nitalaho, omeo hery aho ahafahako handeha lavidavitra.
Nangovitra an-tampon-doha sy am-paladia aho nanoloana ireo horohoro ao amin’ ny helo ireo.
- Fiadanana ho anao, hoy Jesosy tamiko, aza taitra

-Ampio aho Tompo, hoy aho. Tsy tian’I satana ho fantatray ny marina momba ny helo. Tao anatin'ireo nofy ratsy rehetra izay efa niseho tamin'ny fiainako, dia tsy nampieritreritra ahy mihintsy hoe mampahatahotra be izany helo izany. Jesosy a! fa rahoviana no ho tonga ny farany?Hoy Jesosy, ny Ray irery no mahalala hoe oviana no ho tonga ny farany. Fiadanana ho anao, mitonia.
Nisy hery lehibe niditra tao anatiko tamin’io fotoana io. Nanavatsava ny cratères izaho sy Jesosy. Te haka ny olona ao anatiny aho, hesoriko ao anaty afo dia hataoko eo an-tongotry Jesosy. Nitomany be tato anatiko aho. Nieritreritra aho, tsy tiako ho aty amin’ ity toerana ity ny zanako. Farany, nitodika tamiko Jesosy ka nilaza hoe: -Ry zanako, andao hody any aminao ankehitriny. Rahampitso hariva hiverina amin’ity toerana ity isika. Rehefa tafaverina tao an-trano, dia nitomany, nitomany tsy ankijanona aho. Ny atoandro, miverina miaina ny helo aho, sy ny horohoron’ireo izay migadra ao. Mandritra ny andro, dia mitantara amin’olona rehetra izay zavatra hitako tao amin’ny helo aho. Nolazaiko azy ny loza tsy azon’ny saina vinaniana ao.

Ianareo izay mamaky ity boky ity, miangavy anareo aho, mibebaha noho ny helokareo, manatona an’I Jesosy, angataho Izy mba hamonjy anareo, ataovy izany ankehitriny; aza miandry ny ampitso, satria mety tsy ho tonga mihitsy angamba ny ampitso. Mandeha haingana ny fotoana. Mandehana mandohalika ary aoka hodiovina noho ny helokareo ianareo. Mifankatiava tsara ianareo tsirairay avy. Noho ny fitiavan’I Jesosy, manàna fahalemem-panahy, mamelà ny heloky ny rehetra. Raha tezitra amin’olona ianareo, mamelà azy.
Tsy misy dikany ny tezitra raha ho any amin’ny helo no iafarana. Mamelà ohatra ny namelan’ I Jesosy ny helotsika. Manana fahefana ny miaro antsika Jesosy raha manana fo mivalo isika, ary ny Rany no manadio antsika amin’ny helotsika. Tiava ny zanakareo sy ny manodidina anareo ohatra ny tenanareo. Ny Tompon’ny Fiangonana nilaza hoe:”mibebaha ianareo dia aoka ho voavonjy.

CHAPITRE 4: NY LAVAKA IZAY MIHA MARO HATRANY

Ny alina manaraka, izaho sy Jesosy dia nandeha tao amin’ny ranjo havanan’ny helo. Tsapako fa tsy miova mihitsy ny fitiavan’I Jesosy ny fanahin’ireo izay very any amin’ny helo. Tsapako ny fitiavany ahy dia mitovy ny an’ireo izay aty ambonin’ny tany.
“Ry zanako, hoy Izy, tsy sitrapon’ny Ray ny hahaverezan’ny olona Mamitaka lehilahy sy vehivavy maro Satana koa dia manaraka azy izy ireo. Nefa Andriamanitra dia Andriamanitra Fitiavana. Mamela heloka Izy. Raha tena manatona ny Ray amin’ny fony ireo ary mibebaka, dia tena avelany ny helony. Hita teo amin’ny tarehin’I Jesosy nisy fitiavana lehibe sady niteny Izy hoe: “Ray, mamindrà fo amin’izy ireo.”
Nandeha indray izahay namakivaky ireo cellules mirehitra afo, ary nandalo olona marobe ao anatiny, izay nolazaiko tary ambony. Tompo, Tompo, mahatsiravina hoy aho. Nandalovanay tsirairay manoloana ireo fanahy very ireo..
Eran’ny làlana dia feno tànana mirehitra mitsotra miandrandra an’i Jesosy. Taolana sisa no hita fa tsisy nofo intsony izay toa zary vongana miloko volondavenona sy may,fa ny nofo kosa dia mitsonika mihantona tahaka ny lambeaux. Ao anatin’ny squelette tsirairay, misy fanahy mitovy amin’ny zavona maloto sy miloko volondavenona, voagadra mandrakizay. Azoko lazaina fa amin’ny fikiakiakany no ahafantarana fa mahare tanteraka ny afo, ny kankana, ny loza sy ny famoizam-po izy ireo.
Ary nameno alahelo am-panahy ho ahy izay tsy azoko hazavaina ny fahenoako ny kiakiak’izy ireo. Raha mba nihaino mantsy izy ireo hoy aho, dia tsy ho tanty. Fantatro fa ny fanahy any amin’ny helo dia mahatsapa, mahare.

Tadidiny daholo ny zavatra nolazaina taminy ary mahafantatra izy fa very mandrakizay. Nefa na dia tsy misy fanantenana intsony aza, dia mbola mitalaho amin'I Jesosy ireo ny mba hamindrany fo aminy.
Nijanona teo amin'ny lavaka manaraka izahay. Mitovy tanteraka izy ireo. Nisy vehivavy tao anatiny. Ny feony no nahafantarako azy. Niangavy an'I Jesosy izy ny mba hanesorana azy avy ao anaty afo.
Nijery azy tamim-pitiavana Jesosy, dia niteny hoe: "Tamin' ianao mbola teny ambonin'ny tany, imbetsaka Aho no naniry ny hiverenanao amiko dieny mbola tsy tara. Namangy anao matetika Aho tamin'ny misasak' alina mba hilaza taminao ny fitiavako anao. Nitady anao tamim-pitiavana Aho, tamin'ny Fanahiko, tiako hanatona Ahy ianao. Namaly ianao: eny, Tompo, hanaraka Anao aho. Tamin'ny vavanao no nilazanao fa tia Ahy ianao, kanefa izany dia tsy avy tamin'ny fonao. Fantatro ny toetry ny fonao.

Nandefa matetika ny mpanompoko tany aminao Aho mba hilaza aminao ny tokony hifonanao ny helokao sy hanatonanao Ahy, nefa tsy nety nihaino Ahy ianao. Tiako ny mba hampianaranao ny hafa, tiako ny mba hanampianao ny hafa, tiako ny hanampianao an'izy ireo mba hitady Ahy, nefa nisafidy izao tontolo izao ianao. Niantso anao Aho, nefa tsy te-hihaino Ahy ianao, na ny hifona noho ny helokao."

Tompo ô, tadidinao ve hoy ravehivavy, fa nandeha tao am-piangonana aho, ary tsara fanahy aho. Izaho anie ka mpivavaka tao amin'ny Eglizinao. Fantatro fa niantso ahy Ianao, fantatro fa tsy maintsy manaiky ny antsonao aho, dia nataoko izany.
-Ravehivavy, ny fiainanao dia mbola feno lainga sy fahotana. Niantso anao Aho, nefa tsy nety nihaino Ahy ianao. Marina tokoa, mpikambana tao anaty Fiangonana ianao, fa tsy mitondra ho any an-danitra ny maha hoe mpikambana ao anaty Fiangonana. Maro be ny fahotanao ary tsy nibebaka ianao. Maro no nitaominao ho very, lavitra ny Teniko. Tsy mamela heloka olona ianao raha vao mandratra anao izy. Mody tia sy nanompo Ahy ianao rehefa miaraka amin'ny Kristiana, fa ankamaroan'ny fotoana dia ny lainga, fitaka sy halatra no ataonao. Avelanao hiasa ny fanahin' ny fanintonana olona ary tianao ny fiainana. Nefa dia nahalala ny làla- mahitsy ianao. Manana fiteny roa ianao, hoy ihany Jesosy nanohy. Miresaka ny rahalahy sy anabavin'I Jesosy ianao no mitsara sy mieritreritra fa ianao mbola masina noho izy ireo, nefa dia misy fahotana be ao anatin'ny fonao. Fantatro tsara, tsy tianao ny hihaino ny Fanahiko feno fahalemena sy famindram-po. Tsarainao ivelany ny olona, tsy nijery ianao fa ny ankamaroan'izy ireo anie dia mbola zaza ao amin'ny finoana.Tsy namindra fo tamin'izy ireo ianao.

Eny amin'ny molotrao milaza ianao fa tia Ahy, fa ny fonao kosa lavitra Ahy.Fantatrao ny làlan'ny Tompo ary azonao tsara. Milalao an'Andriamanitra ianao ary Andriamanitra dia mahalala ny zavatra rehetra. Raha tena nanompo an' Andriamanitra tamin'ny fonao tokoa ianao, dia tsy taty ianao ankehitriny.
Nitodika tamiko Jesosy:" Mbola hisy maro any amparany any, hoy Izy, no hiala amin'ny finoana, hanome làlana ny fanahy mpamitaka ka hanompo ota.Mialà amin'ireny ianareo, dia misaraha aminy, aza manaraka ny làlany. Rehefa nandeha izahay, nanomboka niteny ratsy sy nanompa an'I Jesosy izy, nikiaka ny hatezerana izy. Nanohy ny dianay izahay. Nahatsiaro tena ho valaka ny tenako iray manontolo.

Nisy karana (squelette) iray tao anaty fonja manaraka. Mbola tsy tonga teo akaikiny dia efa henoko ny fofon'ny fahafatesana. Nitovy tamin'ireny karana rehetra ireny ihany io karana io. Nanontany tena aho hoe, inona no nataon'io fanahy io nahavery azy, tsisy fanantenana na ho avy hafa afa tsy ny mandrakizay ao amin'io toerana mahatsiravina io. Rehefa maheno ny tomanin' ireo fanahy mijaly aho, dia mba mitomany koa. Nahare vehivavy niteny tamin'I Jesosy aho tao amin'ny lavaka manaraka.Namerina ny Tenin' Andriamanitra izy.
-Tompo ô, inona no ataony ao? Hoy aho.
-Henoy, hoy Jesosy
-Jesosy no Làlana, sy Fahamarinana ary Fiainana, hoy Ravehivavy. Tsy misy mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalany.Jesosy no Fahazavan'izao tontolo izao.Manatona aI Jesosy dia ho vonjena ianareo. Rehefa miteny izy dia marobe ny fanahy very mihaino manodidina azy. Ary maro ihany koa ny miteny ratsy sy manompa azy. Mbola misy fanantenana marina ve? Hoy ny sasany. Na hoe: ampio izahay Jesosy. Feo maro feno alahelo no mameno ny rivotra iainana. Tsy azoko ny zava-nitranga, ary nanontany tena aho hoe maninona io vehivavy io no mitory ny Filazantsara amin'io toerana io?
Ny Tompo nahalala ny eritreritro: "Ry zanako, hoy Izy, tamin'ny faha 30 taonany no niantsoako io vehivavy io mba hitory ny Teniko sy mba ho vavolombelon'ny Filazantsara. Miantso olona samy hafa Aho ho amin'ny tanjona samihafa, mba hampandeha tsara ny Teniko.
Raha misy lehilahy na vehivavy, na ankizilahy na ankizivavy tsy mila ny Fanahiko, dia mihataka aminy Aho. Eny, namaly ny antsoko izy nandritra ny taona maro, nitombo tamin'ny fahalalana Ahy.

Nihaino ny feoko izy, ary nanao zavatra tsara ho Ahy. Nianatra ny Tenin' Andriamanitra izy, nivavaka matetika, ary maro tamin'ireo vavaka nataony no voavaly. Nampianatra olona maro ny làlan'ny fahamasinana izy ary nahatoky tamin'ny vadiny tao an-trano. Nandeha teny ny taona ary indray andro, tratrany fa hay manana fifandraisana tamin'ny vehivavy hafa ny vadiny. Na dia nifona taminy aza ralehilahy, lasa niha-kivy izy. Tsy namela ny vadiny, tsy nanavotra ny fanambadiany. Marina fa nanao fitondran-tena tsy mety taminy ny vadiny. Nanao fahotana lehibe izy. Nefa io vehivavy io nahalala ny Teniko ary nahalala ny famelana. Fantany fa ao anatin'ny fakam-panahy, misy foana ny fomba ialana. Nangataka ny mba hamelany azy ny vadiny, fa tsy nety izy. Ny hatezerana no namaka tao anatiny no sady nihanitombo. Tsy tiany nomena Ahy io olana io. Niha-kivy isan' andro izy. Hoy izy tao am-pony: izaho ity manompo an' Andriamanitra, fa ny vadiko manenjika vehivavy. Tsara ve izany Aminao? Hoy izy Tamiko.

Tsia, tsy tsara ny nataony, hoy ny navaliko azy, fa efa nangata-pamelana taminao izy ary nilaza fa tsy hamerina intsony. Nanontany azy Aho: "Ry zanako, diniho ny tenanao ary jereo raha tsy avy taminao no nisian'izao toe-javatra izao".
-Tsia, tsy izaho ry Tompo, hoy izy. Izaho dia masina fa izy no mpanota.Tsy te hihaino Ahy izy. Nandeha teny ny fotoana. Tsy te-hivavaka intsony izy, na hamaky Baiboly. Tezitra izy, tsy tamin'ny vadiny ihany fa tamin'ny manodidina azy koa. Nitory ny Soratra Masina izy nefa tsy nety namela ny vadiny. Tsy nety nihaino Ahy izy.Ny hakiviana sy fanenenana lalina no nitombo tao am-pony, ary dia nanomboka nisaina famonoana izy fa tsy fitiavana. Indray andro dia novonoiny ny vadiny sy ilay vehivavy. Azon'ny satana tanteraka izy dia namono tena.
Nijery ilay fanahy very aho izay nametraka ambony an'i Jesosy tamin'ny fiainany, nefa nanagadra ny fanahiny ho ao amin'ny afo mandrakizay sy ny fijaliana. Mbola henoko niteny tamin'I Jesosy izy nanao hoe:
-Afaka mamela amin'izay aho, ry Tompo.Avoahy aho. Hankato Anao aho. Ho avy indray izao ny devoly rehefa afaka adiny iray ka hampijaly ahy. Ary satria aho nitory ny Teninao, dia vao maika ho mafy ny fijaliako. Raha mety Ianao, Tompo, milela-paladia Anao aho, avelao aho hivoaka.
Nitomany an'io vehivavy tao anaty fonja io aho.Nangataka tamin'ny Tompo aho mba hiaro ahy mba tsy hanana lolom-po ato am-poko.
-Tompo Jesosy, aza avela hisy fankahalana ato am-poko
-Avia, andao hiroso isika, hoy Izy.

Tao anaty lavaka manaraka dia nisy lehilahy nitafy ny karany ka nikiakiaka tamin'I Jesosy no sady nitomany.Tompo, ampio aho hahafantatra ny antony nahatonga ahy aty.
Tomoera amin'ny fiadanana, mitonia ianao, hoy Jesosy, fantatrao tsara ny antony nahatonga anao aty!
-Ho tsara fanahy aho, fa avelao aho handeha, hoy izy nitalaho.
-Na dia efa aty amin'ny helo aza ianao, mbola mandainga ihany, hoy ny Tompo. Nitodika tamiko Jesosy: "Tamin'io lehilahy io 23 taona no tonga taty. Tsy te hihaino ny Filazantsara izy. Efa imbetsaka izy no naheno ny Teniko.Tonga matetika tao an-tranoko izy. Nanasa azy Aho tamin'ny alalan'ny Fanahiko, mba handraisany ny famonjena, nefa naleony nifidy izao tontolo izao sy ny fahafinaretany. Tia misotro izy. Tsy nandraharaha ny antsoko izy. Teraka tao amin'ny Fiangonana izy nefa tsy nety ny hametraka ny fiainany Amiko. Hoy izy indray andro: Jesosy ô, atolotro ho Anao ny fiainako, nefa io indray andro io dia tsy tonga mihitsy. Indray alina rehefa avy nanao fety takariva izy, dia voan'ny lozam-pifamoivoizana ka maty teo noho eo. Nofitahin' I satana hatramin'ny farany izy. Tsy tia nihaino ny antsoko izy. Olona maro hafa koa no nindaosin'ny fahafatesana tamin'io loza io. Ny asan'I satana dia ny hamono, hangalatra, hanimba. Raha mba nihaino mantsy io lehilahy io. Tsy sitrapon' Andriamanitra ny ahafatesan'ny olona. Ny fanahin'io olona io no ilain'I satana ka nosimbainy tamin'ny alalan' ny tsy fahatsiarovan-tenan' ny fahotana sy ny toaka. Maro ny tokantrano, ny aina izay simba isan-taona noho ny zava-pisotro mahamamo.

Raha mba fantatry ny olona mantsy fa ny filana sy ny fahafinaretan'ny nofo ety an- tany dia tsy maharitra. Raha manatona ny Tompo Jesosy ianareo, esoriny amin'ny fanagejan'ny alikaola ianareo. Aoka hiantso an'i Jesosy, haheno anareo Izy ary hanampy anareo, ho namanareo Izy. Tsarovy fa tia anareo Izy ary manana ny fahefana ny hamela ny helokareo. Ho an'ireo kristianina manambady kosa, mampitandrina anareo Jesosy: aza mijangajanga. Ny fitsiriritana lehilahy na vehivavy, na dia tsy mijangajanga miaraka aminy aza, dia efa manatanteraka izany kosa ao am-ponareo.
Ry tanora, alaviro ny zava-mahadomelina sy ny filan'ny nofo. Raha manota ianareo, mamela anareo Andriamanitra raha miantso Azy ianareo dieny mbola misy fotoana. Mitadiava fihaonana amin'ny kristianina antim-panahy, matanjaka am-panahy ka anontanio izy raha afaka hankininanareo aminy ny olanareo. Ho faly ianareo raha naka fotoana nanaovana izany teto an-tany ka tsy tara. Satana dia tonga sahala amin'ny anjelin'ny fahazavana mba hamitahany ny olombelona.

Tsy mahagaga raha nitarika io tovolahy io ho amin'ny fakam-panahy eny fa na dia nahalala ny Soratra Masina aza izy. Hoy izy: Andraso fa mbola hifety kely amin'ny alina fotsiny aho, Jesosy mahalala tsara. Nefa ny fahafatesana dia tsy misy famindram-po. Tara loatra.Nijery ny fanahin'io tovolahy io aho ary nahatsiaro ny zanako izay ho feno 23 taona ato ho ato. Tompo ô, enga anie izy ka hanompo Anao. Fantatro fa maro aminareo izay mamaky ity boky ity, manana fianakaviana ianareo ary angamba zanaka izay tsy tianareo ho any amin'ny helo.Dieny mbola tsy tara, iresaho an'I Jesosy izy ireo. Asaivo mibebaka noho ny helony izy ireo. Hazavao aminy fa hamela ny helony Andriamanitra ary hanamasina azy.
Nandritra ny andro maromaro dia tsy afaka niala tato an-tsaiko ny tomanin'ilay tovolahy. Tsy hohadinoiko mihitsy ny fikiakiaky ny ngidin'ny fanenenany. Tsaroako ny nofony nikirozaroza sy may tamin'ny afo.Tsy hohadinoiko mandrakizay ilay nofo miha-lo, ny fofon'ny fahafatesana, ny lavaka sisa solon'ny maso, ny fanahy hatsatra ary ny kankana mivezivezy amin'ny taolany.

Nananty tànana tamin'I Jesosy ilay tovolahy, fa izahay kosa nanohy ny dianay ho amin'ny lavaka manaraka.
- Tompo, hoy aho nangataka, omeo hery aho hahafahako hanohy. Naheno feona vehivavy nitomany amin'ny famoizam-po aho. Ny fikiakiaky ny fahafatesana no nameno ny toerana rehetra.Tonga teo amin'ny lavaka izay nisy an-dravehivavy izahay. Nitalaho tamin'ny fanahiny rehetra an'I Jesosy izy ny mba hamoahany azy avy ao.
-Tompo, hoy izy, tsy efa ampy aika ve ny nitoerako elabe tato amin'ity toerana ity? Hila tsy ho tantiko ny fangirifiriana. Raha mety Ianao, Tompo, avoahy tato aho.
Nihozongozon'ny ranomaso ny sisa mba hany tenany (carcasse), ary nisy alahelo be tao amin'ny teniny. Fantatro fa nijaly mafy izy. Nanontany aho: "Jesosy ô, tsy misy azo atao intsony ve?"
Jesosy niteny tamin-dravehivavy:
-Tamin'ianao tany ambonin'ny tany, dia niantso anao Aho, niantso foana ny mba hanatonanao Ahy. Nitalaho taminao Aho ny mba hanitsianao ny dianao, ny hamelanao ny hafa, sy hanoheranao ny ota. Namangy anao tamin'ny alina aza Aho, imbetsaka Aho no nisintona anao tamin'ny alalan'ny Fanahiko.Amin'ny molotrao nilaza fa tia Ahy ianao, fa ny fonao kosa lavitra Ahy. Tsy fantatrao moa fa tsy misy miafina amin' Andriamanitra? Azonao fitahina ny olona, fa Izaho kosa tsy azonao fitahina. Mbola nandefa olona maro tany aminao Aho nilaza aminao ny mba hibebahanao. Nefa tsy nihaino ianao, sady tsy te handre ianao no tsy te hahita, koa dia tezitra ianao ary dia noroahinao izy ireny. Nampitoeriko tamin'ny toerana ahenoanao ny Teniko ianao, nefa tsy nanaiky hanome Ahy ny fonao ianao, na menatra akory tamin'ny zavatra nataonao. Nohamafisinao ny fonao no sady nitodihanao lamosina Aho. Ankehitriny, very mandrakizay ianao. Tahak'izay ianao mba nihaino Ahy.
Raha naheno izany izy dia nitodika tamin'I Jesosy ary dia nanomboka nanozona an' Andriamanitra sady nanompa Azy. Nahatsapa ny fisian'ireo fanahy ratsy aho ary fantatro fa izy ireo no nanozona sy nanompa. Tena mampalahelo ny very mandrakizay any amin'ny helo. Manohera ny devoly dia handositra lavitra anareo izy.
Hoy Jesosy: Mandalo izao tontolo izao sy ny filany, fa ny Teniko tsy ho levona.

CHAPITRE 5 : NY TUNNEL NY TAHOTRA

Niezaka namerina tao an-tsaiko aho momba ny hafatra izay henoko ny amin'ny fitoriana ny helo, fa tsy ary naheno zavatra nampihorohoro ankoatra ny nasehon'ny Tompo tamiko aho. Hitako fa tena mampihoron-koditra be noho izay noeritreretin'olona ny atao hoe helo. Reraka aho mahatsapa fa ny fanahy izay ao, dia ao mandrakizay satria tsy misy fomba azo ialana ao amin'ny helo ka noho izany aho dia vonona ny hamonjy ny fanahin'olona mba tsy ho any .**Tsy maintsy mitory ny Filazantsara amin'ny olona mihaona amiko aho, satria ny helo dia toerana mahatsiravina ary ny marina no lazaiko aminareo.**
Tsapanareo tsara moa ny zavatra lazaiko? Raha tsy mibebaka ny mpanota ary raha tsy mino ny Filazantsara izy, dia inoana marimarina ny ahatongavany amin'ity toerana ity. Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo ary angataho Izy mba hamonjy anao amin'ny helokao. Vakio ohatra ny Filazantsaran' i Jaona, ny toko faha3 sy ny 14, ary avy eo, mitalaho aminareo aho, vakio io boky io manomboka hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny pejy farany. Amin'izay dia ho azonao tsara ny zavatry ny helo sy ny lanitra. Rehefa mamaky ianareo, angataho Jesosy hiditra ao am-ponareo sy hanadio ny helokareo dieny mbola tsy tara.Jesosy ô, omeo hery aho ahafahako hanohy, hoy aho.

Entin'I Jesosy aho, sady mamindra aho no mamikotra Aminy. Natahotra loatra aho noho ireo zavatra mampitahotra hitako. Nanontany tena aho hoe:hino ahy ve ny olona? Nijery ny tao ankaviako, ankavanako sy ny taoriako aho. Nisy fonja afo marobe tsy taka-maso.

Voahodidina lelafo sy fanahy very izay mirehitra aho. Tena tsy zakako intsony ireo zava-doza hitako ka nikiakiaka be aho. Tena tafahoatra loatra ny zava-nisy ka tsy tantiko intsony.
Ry tany o! mibebaha ianao , hoy aho sady mamindra eo akaikin'I Jesosy aho no nirotsaka avy amin'ny masoko ny vaingan-dranomaso. Nanontany tena aho hoe aiza no tian'I Jesosy hitondrana ahy.Nanontany tena koa aho hoe: inona no ataon'ny fianakaviako, ny namako… Tena tiako izy ireo! nahatsiaro aho fa tena nanota fatratra aho talohan'ny niveranako tamin'I Jesosy. Ary dia isaorako an'Andriamanitra namerina ahy indray ho eo Aminy. Ndeha hitsofoka ao anaty tunnel izay hitondra antsika ho ao afovoan'ny helo isika, hoy Jesosy. Ny helo dia mitovy amin'ny tenan'olombelona izay mivalampatra ao afovoan'ny tany. Natory amin'ny lamosina, misokatra ny sandry sy ny ranjo. Tahaka ny fisian'ny tenan'ny mino, dia toy izany koa ny helo dia manana ny tenan'ny ota sy ny fahafatesana. Ary tahaka ny tenan'i Kristy izay mihavao isan'andro, dia toy izany ihany koa ny tena ao amin'ny helo dia miforona isan'andro. Eo amin'ny havia sy havanan'ny tunnel izay andehananay dia ahitana lavaka marobe, tranokely mirehitra avy ao anatiny no ivoahan'ny hikiaka sy ny fitolokon'ireo voaheloka.Tamin'ny fandalovanay dia maro no nikiakiaka niantso an'I Jesosy. Ny sasany manandrana hivoaka avy ao amin'ilay tranokely mirehitra misy azy mba hahakasika an'I jesosy, nefa tsy afaka,tara loatra. Naratra ny foko, nandritra ny dianay tsy niala teny amin'I Jesosy ny alahelo. Raha nandinika ilay lavaka misy afo aho dia nahatsiaro ny fotoana izay nanaovanay barbecue teny ankalamanjana. Ny vainafo mena sy mahamay mandritra ny ora maro. Dia toy izany koa ny ao anatin'ilay tranokely misy afo.
Faly be aho tonga tao anaty tonelina ary nihevitra fa ny zavatra hitako manaraka angamba mba tsy mahatsiravina sahala ny tao amin'ireny lavaka sy tranokely feno afo ireny. Diso hevitra tanteraka aho, vao tafiditra tao anaty tonelina izahay, nanomboka nahita bibilava ngezabe aho, voalavo ngezabe sy fanahy ratsy maro izay nandositra niala ny fahatongavan'ny Tompo. Nisioka anay ilay bibilava, namoaka feo mikarantsana ny voalavo, feno feo manodidina anay. Jesosy irery ihany no mazava ao anaty tonelina. Namikotra tamin'I Jesosy araka izay ho afako aho. Feno devoly kely sy satana miraikitra amin'ny sisin'ny lavabato no sady mandehandeha ao anaty tonelina. Taty afara dia hitako fa ireo fanahy maloto ireo no miakatra ho any ambonin'ny tany manatanteraka ny baikon'i satana.
Rehefa hitan'iJesosy fa natahotra ny aizina sy ny feo mahatsiravina aho dia hoy izy: "aza matahotra, kely sisa dia ho tonga ao amin'ny faran'ny tonelina isika. Tsy maintsy asehoko anao ny zavatra rehetra ireny. Avia manaraha Ahy. Nandady nanantona anay ireo bibilava ngezabe. Ny sasany amin'izy ireo dia mirefy 10m ny halavany ary 1m ny habeny , nisy fofona maimbo be nameno ny rivotra iainana. Hoy Jesosy, kely sisa dia ho tonga ao an-kibon'ny helo isika. Io toerana io dia mirefy 27 km hahavony ary 5km ny habeny. Nomen'I Jesosy ahy ny refy marina. Hiezaka aho ny hanambara ny zavatra hitako sy reko. mba ho voninahitry ny Ray Zanaka Fanahy Masina. Aoka ny sitrapon'Andrimanitra no tanteraka. Fantatro fa nasehon'I Jesosy ahy ireo zavatra ireo mba hilazako ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny tany mba ahafahany miala tsy ho any amin'ny helo.
Ry namako, raha mamaky ity boky ity ianareo ka tsy fantatrareo Jesosy dia mitsahara amin'izay, ifony ny heloka vitanareo, ampandrosoy Jesosy ho Mpamonjy anareo!

FIZARANA FAHA- 6: IREO KARAZAN'ASA MARO AO AMIN'NY HELO

Nahita fahazavana kely miloko mavo aho nanoloana anay.Ary dia nivoaka tao amin'ny tonelin'ny tahotra izaho sy Jesosy, dia niakatra teo ambony tandroka ngezabe maloto sy feno vovoka izay ahitana tsara ny ao amin'ny kibon'ny helo na dia lavitra be aza no misy anay. Nijanona izahay dia hoy Jesosy: ho entiko hitsidika ny kibon'ny helo ianao ary ampisehoko zavatra maro. Andao hanaraka ahy, nanohy ny dianay izahay. Lavidavitra , hoy Jesosy dia misy mahatsiravina izay tsy noforonina na avy amin'ny eritreritra fa zavatra misy ireo . Afaka teneninao amin'ny namanao fa tena misy ny herin'ny devoly, lazao azy koa fa tena misy satana sy ny herin'ny maizina. Nefa teneno aminy ny mba tsy ho kivy satria "raha ny oloko izay nantsoina tamin'ny anarako no hanetritena sy hivavaka, sy miala amian'ny ratsy fanaony dia hihaino any an-danitra aho sy hanasitrana ny taniny". Tena misy ny lanitra, tena misy koa ny helo
Tian'Andriamanitra ny ahafantaranareo ny helo ary tiany ny hiaro anareo tsy ho any åmin'io toerana io. Tian'Andriamanitra ihany koa ny ahafantaranao fa misy lalana tokana izay mahavonjy dia Jesosy Kristy Tompo, Ilay Mpamonjy ny fanahinareo. Tsarovy fa izay manana anarana voasoratra ao amin'ny "Bokin'ny fiainan'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra" ihany no hovonjena.

Nanatona toerana voalohany misy asa ao amin'ny helo izahay. Tao amin'ny sisin'ny tandroka havanana, teo ambony havoana kely iray ao amin'ilay toerana maizina ao ankibon'ny helo dia nahatsiaro ny tenin'ny Tompo aho, hoy Izy "Indraindray toa misy fotoana hoe mandao anao aho, fa tsy izany.

Tadidio fa manana fahefana any an-danitra sy ety an-tany aho. Indraindray ny fanahy ratsy sy ny fanahy very dia tsy hahita antsika. Tsy tsapany ny fisiantsika. Aza matahotra fa izao zavatra hitanao izao dia marina, amin'izao fotoana izao no hisehoany ary mitohy mandrampahatongan'ny hanipazan'ny fahafatesana sy ny helo ao amin'ny farihy afo.
Ry mpamaky! Ataovy izay hanananao antoka fa voasoratra ao amin'ny Bokin'ny fiainan'ny zanak'ondry ny anaranao.

Eo anoloanay, afaka maheno tsara ny feo sy ny toreon'ny fanahy iray mijaly aho. Niakatra ilay havoana kely izahay ary nijery ny manodidina anay. Afaka ny nahita tsara aho satria nisy hazavana nanazava ilay toerana. Nisy kiakiaka izay tsy azonareo eritreretina namaky ilay toerana. Feon-dehilahy ilay izy. Henoy tsara hoy Jesosy**: " izay ho hitanao sy ho renao dia zavatra misy marina, mitandrema ry mpitory ny Filazantsara fa marina ireo zavatra ireo, mifohaza ianareo ry kristianina, evanjelistra sy mpampianatra ny Teny, ianareo rehetra izay nantsoina hitory ny Filazantsaran'l Jesosy Kristy. Raha manota ianareo, mibebaha raha tsy izany dia ho very tahaka azy koa ianareo".**
Nanatona izahay ary nijanona 5m tsy ahatongavana amin'ilay toerana nisy ilay zava-nitranga. Nahita aloka kely maro aho nandeha manodidina ny zavatra iray toy ny kesika. Rehefa nojereko tsara anefa, hay ilay kesika tsy inona fa Vatam-paty, ary ny aloka dia tsy inona fa devoly. Eny, vatam-paty marina ilay izy ary nohodidinina devoly 12 sady mandeha manodidina izy ireo, no mihira sady mivanivany. Samy manana lefona tsirairay izy ary alentiny am-pifaliana ao anaty vatam-paty avy amin'ny lavaka manodidina ilay vata. Ao anaty rivotra feno tahotra no iainana ary nanomboka nangovitra aho.

Hoy Jesosy tamiko:
-Anaka, be fanahy very aty amin'ity toerana ity. Ary ny fijaliana dia samy hafa arakaraka ilay fanahy very. Lehibe kokoa ny sazy ho an 'ireo izay nitory ny Filazantsara nefa niverina nanota, noho ny an'ireo izay tsy nanaiky ny antson' Andriamanitra tamin'ny fiainany.
Naheno kiakiaka mampahontsa izay naneho famoizam-po ny foko.Nisy olona iray nikiakiaka: "tsisy fanantenana intsony, tsisy fanantenana intsony".
Io ranomaso io dia nivoaka avy tao anatin'ilay vatam-paty, izay ivoahan'ny toloko tsy misy fiafarana. Mahatsiravina hoy aho.

-Avia, ndao hanatona, hoy Jesosy.
Nanatona ilay vata Izy ary niondrika teo amboniny mba hijereny ny tao anantiny. Narahiko Izy dia mba nijery koa aho. Raha jerena, dia tsy mahita anay ilay devoly. Nisy fanahy very tao anatin'ilay vata. Lehilahy izy io. Tsindrontsindromin'ilay devoly amin'ny lefona ny fanahin'ilay lehilahy nivalampatra tao anaty vata. Tsy hohadinoiko mandrakizay ny fijalian'io fanahy io. Hoy aho tamin'I Jesosy:
-Avoahy izy Tompo, avoahy izy."
Ny fangirifirian'io fanahy io da zavatra mahatsiravina. Raha mbola nety moa ny famahana azy. Nosintomiko ny tànan'I Jesosy ary nitalaho taminy aho ny hamohana io lehilahy io avy ao anaty vata.
-Mitonia ianao ry zanako, mitonia ianao, hoy Jesosy. Rehefa naheno ny feon'I Jesosy izy, dia hitany izahay. Nitalaho tamin'I Jesosy izy: "Tompo, Tompo, avelao aho hivoaka, mamindrà fo amiko.Vainga feno ra sisa no tao anaty vata. Eo anoloan'ny masoko dia misy fanahy ary ao anatin'ilay fanahy nisy fon'olombelona. Nisy ra nivoaka avy tao anatin'io fo io. Ilay tsindrona nataon'ilay lefona dia namaky tanteraka ny fony." Tompo, hoy ralehilahy, hanompo Anao aho ankehitriny. Miangavy Anao aho, avelao aho hivoaka". Tsapako fa henon'io lehilahy io daholo ny tsindron'ny lefona manindrona azy.

Hoy Jesosy:
-Ohatran'izao ny fijaliany andro aman'alina, satana no nametraka azy eto ary satana no mampijaly azy.
Hoy indray ralehilahy: Tompo, hitory ny Filazantsara marina aho. Holazaiko ny ota sy ny helo. Miangavy Anao aho, avoahy aho.
-Io lehilahy io hoy Jesosy, dia mpitory ny Tenin'Andriamanitra. Nisy fotoana izay nitoriany Ahy tamin'ny fony rehetra, ary nitondrany ny olona ho amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Maro tamin'ireo olona nampahafantarany Ahy no mbola manompo Ahy ankehitriny, taona maro aty aoriana. Saingy ny filan'ny nofo sy ny filana harena no nahavery azy. Navelany hanjakan'i satana ny fianany. Nanana fiangonana lehibe izy, fiara tsara tarehy, ary karama be. Nanomboka naka ny rakitra izy no sady nanao fampianaran-diso. Tsy nitory ny fahamarinana rehetra izy fa ny antsasany ihany ary tsy namela Ahy hanitsy azy. Nandefa ny mpanompoko tany aminy Aho mba hampibebaka azy sy mba hitoriany ny fahamarinana, fa naleony nifidy ny fahafinaretan'io fiainana io noho ny fiainana ao amin'Andriamanitra. Fantany tsara anefa fa tsy tokony hampianatra na hitory foto-kevitra (doctrine) hafa ankoatra ny fahamarinana asehon' ny Baiboly.

Alohan'ny hahafatesany, nolazainy fa ny batemin'ny Fanahy Masina dia lainga ary mpihatsaravelatsihy ireo olona milaza manana Fanahy Masina.

Nilaza izy fa ny mpimamo dia afaka ny hiditra any an-danitra na dia tsy mibebaka aza, satria Andriamanitra tsy manan-kevitra ny handefa na iza na iza any amin'ny helo noho Izy Tsara. Maro ny olona nofitahiny mba tsy ho ao ambany fahasoavan'ny Tompo. Nihambo ho tsy mila Ahy koa izy, satria izy dia ohatra an' Andriamanitra. Nampianatra io foto-kevitra io tany amin'ny seminera mihitsy aza izy.
Nitsahiny ny Teniko Masina, nefa tiako foana izy. Ry zanako, aleo tsy nahalala Ahy mihitsy toy izay nahalala Ahy nefa nihemotra tamin'ny asako.
Toy izay anie izy nihaino Anao Tompo, hoy aho. Tahak'izay anie izy nikolokolo ny fanahiny sy ny an'ireo hafa.
-Tsy nihaino Ahy izy, niantso azy Aho, fa tsy te hihaino Ahy izy. Tiany ny fiainana mora.Tsy te hiverina Amiko izy. Indray andro, maty izy ary dia namantana ao amin'ny helo. Ankehitriny ampijalian'i satana izy satria nisy ny fotoana nitoriany ny Teniko sy namonjeny fanahy maro. Izany no fijaliany aty.
Mitohy manodidina ilay vatam-paty ny devoly. Nitempo ny fon'ilay lehilahy ary ra tena izy no nivoaka avy ao. Tsy ho hadinoiko mandrakizay ny kiakiakam-pamoizam-po sy ny fijaliany. Nijery ilay lehilahy tamin'alahelo Jesosy ka hoy Izy:
-Ny ran'ny fanahin'olona very marobe no amin'ny tànan'io lehilahy io. Maro tamin'izy ireo no eto amin'ny helo amin'izao fotoana izao. Tamin'ny fo vaky no nialanay sy Jesosy teo ka nandehananay lavidavitra kokoa. Tamin'ny fotoana izay nialanay teo, nisy andiana devoly hafa tonga teo ambonin'ilay vatam-paty. Niakanjo mainty ry zareo ary eo amin'ny 1m eo ho eo ny haavony.Manao saron-tava mainty izy ireo. Izy ireo indray no nisolo ireo teo aloha hampijaly ilay fanahy. Lasa saina aho amin'ny tsy fanetrentsika tena, mba hanaiky ho meloka sy hangata-pamelana ny otantsika. Mandà ny hibebaka isika sy tsy manetri-tena ka dia manohy ny fiainantsika ohatra ny tsy misy na inona na inona. **Ry namako ô, henoy, tena misy marina ny helo. Mitalaho aminareo aho, aza mandeha amin'io toerana io.**

Nandeha ihany izaho sy ny Tompo, tonga teo amin'ny toerana tsy misy hazo ao anaty ala izay voahodidina vato miparitaka etsy sy eroa izahay. Misy rindrina kely etsy sy eroa vita amin'ny vato sy loto. Nisy hazavana be nanazava io toerana kely io izay nanana refy tahaka ny toeram-pandihizana lehibe.
-Ry zanako, hoy Jesosy, jereo tsara ankehitriny ny asan'i satana.
Naheno feona mozika mahafinaritra izahay, ary eo afovoan'ilay toeram-pandihizana, eo amin'ny gorodona mangirana, vehivavy mpandihy tsara tarehy, dimy no isany, no nilahatra ary miara- mandihy eo amin'ny feon'ny mozika. Sady mandihy izy ireo no mihomehy. Mitovy amin'ireny fifaninanana hatsaran-tarehy ireny, ary ireo vehivavy ireo dia tena mihaingo fatratra. Tena manintona izy ireo fa tena ohatra ny tena izy mihitsy.
Hoy aho hoe: "Fa nahoana no misy zavatra tsara be toy itony aty amin'ny helo? Ny akanjo anaovan'ireo vehivavy ireo dia tena tsara sy lafovidy tokoa. Toy ireny zanaka mpanjaka tsy misy kilema ireny. Tahaka ny tonga lafatra ny zavatra rehetra.Nanontany tena aho ny ataon'izy ireo aty amin'ny helo. Ohatra ny hoe tsy masiaka no tsy maloto izy ireo. Vetivety teo anefa, voamariko fa hay afo no manosika azy ireo, ary ny lelafo no mampihetsika azy, mampiakatra sy mampidina ny vatany. Mihomehy ry zareo rehefa saronan'ny afo. Tsy may anefa izy ireo, no tsy maheno mangirifiry. Teo am-pandinihana azy ireo fatratra aho no nijanona ny mozika. Nangina tampoka ilay toeram-pandihizana ary nijanona ny laharan'ireo mpandihy mahafinaritra. Ny mason'izy rehetra dia nitopy tany amin'olona izay nanatona azy.Tsapa nameno ny rivotra niainana ny fisian'ny fanahy ratsy. Nisy devoly ngeza be izay tsy ary hitako, dia nahita olona tena matroka aho, ary feno aloka ny manodidina azy. An-damosina no nahitako azy, nanao akanjo mainty lava be, eo akaikiny nisy lehilahy roa. An-damosina koa no nahitanay azy, ary tsapako fa tsy nahita anay izy ireo.
-"Jereo", hoy Jesosy.
Teo vao fantatro fa ny fanatrehan'ny devoly dia tsy hafa fa satana, satria tamin'io fotoana io dia niankohoka teo anatrehany ireo vavy tsara tarehy ireo, sady nihoby: ho ela velona satana, ho ela velona satana!
Nanomboka niteny satana ka nanao hoe:"Ry zanako vavy, nanaiky ny baikoko ianareo. Vonona ianareo ankehitriny ho any ambonin'ny tany mba hanatanteraka ny sitrapoko. Ny herin'ny maizina dia efa nomena anareo, ary ny haren'ny helo rehetra dia efa nomena anareo hanatanterahanareo io asa io. Nikakakaka tamin'ny hehy mahatsiravina be satana, dia mbola nilaza hoe:
-"Ankehitriny, tsarovinareo ny heriko. Hasehoko anareo izay hahazo anareo raha tsy manaiky antsakany sy andavany ny baikoko ianareo.
Nanao fihetsika tamin'ny tànany izy eo ambonin'ireo vehivavy ireo. Teo dia nanomboka nitalaho azy izy ireo nanao hoe:
-Tsia, satana, raha mety ianao, hankato izahay ary hanao izay asainao ataonay.

Tsia, satana, aza ampijalianao izahay. Fa tsy nihaino azy ireo satana. Nitanaka aho, tsapako fa ilay tena mahafinaritra nananan'ireo vehivavy ireo dia nanomboka niova ho hatsatra, avy eo niova ho nofo maty ny helo, ilay hita teo aloha teo feno hatsarana, lasa niova zavatra maharikoriko noho ny haratsiny. Ilay tena nahafinaritra teo lasa aloka mampitahotra noho ny haratsiny, feno devoly sy fanahy ratsy. Bibilava ngeza be sy lavabe no nivoaka avy ao amin'ny vavoniny sy nihodidina manodidina azy ireo.
-Jesosy ô, inona no dikan'izao? Hoy aho nanontany. Tsy nanome valin-teny ahy Izy.
-satana, avereno aminay ny tenanay, hoy ny kiakiak'izy ireo. Hankato anao izahay.
Fihomehezana no setrin'izany fangatahana izany, ary satana nanao fihetsika tamin'ny sandriny, namerina ilay aloka ratsy be teo ho tena na vehivavy tsara tarehy.
-Henoy aho, ary ankatoavy aho hoy satana tamin'izy ireo. Ataovy izay rehetra asaiko ataonareo, dia mijanona tsara ohatr'izao ihany ianareo. Tandremo, ankehitriny, atoroko anareo izay toerana hanatanterahanareo ny asan'ny maizina.
Rehefa vita izany teny izany, dia nanatsotra ny tànany ilay lehilahy izay teo ankavian'I satana ary dia nisy hazavana fotsy niseho teo amin'ny anankiray amin'ny rindrina. Nisy écran de cinéma teo amin'ilay rindrina, izay ahitana ny toerana mifanaraka amin'ny tsirairay amin'ny andro eo amin'ny herinandro.
Mandehana amin'ireo toerana ireo, hoy satana, ary mitondra tena tahaka ny olona rehetra ianareo. Mamitaha faran'izay be indrindra, ary ahodino miala lavitra an' Andriamanitra araka izay azonareo atao. Harahiko maso ianareo, ary fantatro daholo izay faran'ny kely amin'ny fihetsikareo. Tandremo mba tsy hisy hahalala ny momba anareo, fa raha tsy izany dia izaho no hikarakara anareo. Natsotran'i satana ny tànany nanondro ilay écran de cinéma, ary dia nanomboka nihetsika ny sary. Nisy làlana tao an-tanan-dehibe anankiray, boite de nuit, toeram-pitehirizana entana, fanaova-mofo (boulangerie), magasin, banky, fanamasinana mariage, vente de charité, hotel de ville… Ireo toerana rehetra ireo dia toerana mahazatra amin'ny andavanandro ary nalahany teo amin'ilay écran. Mamitaha olona betsaka araka izay azonareo, ataovy izay hahalavo ny olona, amin'izay izy manalavitra ny fahamarinana. Mandehana mitety ny tany hanatanteraka ny asako, dia miverena manao tatitra amiko. Raha mila fanampiana ianareo, dia alefako any aminareo izay hilainareo. Ny asanareo dia ny mitondra fanahy ho ahy. Fandriho amin'ny fanompoan-tsampy izy, ny fiangonan-diso (fausse réligion) sy ny sectes. Ireo kristianina mbola marefo kosa dia tariho ho amin'ny fahotana ara-nofo. Amboleo ao an-tsain'ny olona ny tsy hiaina ny fahamarinan' Andriamanitra. Ento lavitra ny Filazantsaran'I Jesosy Kristy ny lehilahy, ny vehivavy, simbao izy ireny raha azonareo atao.
Nisy latabatra kely nisy taratasy nentina teo amin'I satana. Noraisiny ny iray tamin'ireo taratasy ireo ary nanomboka namaky zavatra be dia be tamin'ireo vehivavy ireo izy. Nisy azoko ny sasany tamin'ireo zavatra ireo fa ny sasany kosa tsy fantatro.
-Mangalà fanahy iray isan-kerinandro ianareo, miasà manodidina io fanahy io, avy eo dia manao tatitra aty amiko ianareo. Tsy hisy zavatra hampahory anareo. Harena be no apetraka eo am-pelatànanareo. Miasà mafy dia homeko valisoa ianareo. Raha mandà ianareo, dia ataoko fantatry ny olona rehetra ny marina momba anareo. Tadidio fa manana fahefana hiova ianareo araka izay tianareo. Alefako aminareo daholo izay zavatra ilainareo mba hampahomby izany. Ankehitriny, mandehana, ataovy ny asako ary miverena afaka iray volana. Handresy an' Andriamanitra aho.

Nikiakiaka satana ary natsangany indray ny tànany, dia lasa ireo vehivavy tsara tarehy niakatra ho any amin'ny tany. Rehefa nojereko, afo sisa teo amin'ny toerana izay nisy ireo vehivavy ireo. Hitako satana niresaka tamin'ilay lehilahy roa izay niaraka taminy: Jereo! Sady atondrony ny écran ny fanondrony. Halako Andriamanitra hoy izy. Hanao asa tsara ho ahy ireny vehivavy ireny. Hita eo amin'ny écran fa indreo vehivavy tsara tarehy tonga ao amin'ny tanan-dehibe, ao amin'ny magasin, any am-piangonana, any amin'ny bar mba hanatanteraka ny asan-devoliny. Fanahy ratsy hanangoly izy ireo, devolin'ny helo navoaka ho aty amin'ny tany, fa ny olona dia tsy nahalala izany.
Hoy aho: ny fahefan'ny devoly dia misy. Alefa aty amin'ny tany izy ireny mba hamitaka izay rehetra azony fitahina. Mamitaka izy ireo, mandainga, mangalatra mba hazahoana mpianatra ho an'i satana.
Nitsahatra ny horonan-tsarimihetsika izay niseho teo amin'ny écran. Hitako satana sy ilay lehilahy niaraka taminy nanjavona tao anaty setroka. Jesosy kosa nampiseho ahy famantaran'andro lehibe nivelatra eo amin'ny velaran'ny globe, ary henoko ny tic tac. Ny fanjaitra manondro ny ora dia efa hanondro ny misasak' alina, ary ny fanjaitra ny minitra nanao tour iray dia hijanona amin'ny misasak'alina latsaka 3. Nifindra moramora ny fanjaitra ary namonjy ny an'ny ora, tamin'izay fotoana izay niha naneno mafy ny tic tac mba hanenika ny tany rehetra.
Niteny toy ny feon'ny trompetra ny Tompo, sahla ny feon'ny ranobe ny feony: "Henoy izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Miomana fa amin'ny fotoana izay tsy fantatrareo dia hiverina Aho. Henoko ny feon'ny famantaran'andro, misasakalina izao. Avy ny Mpampakatra hihaona amin'ny vadiny".

-Ry namako, vonona ve ianareo amin'ny fiverenan'i Kristy? Sa ianareo mitovy amin'ireo izay milaza hoe: tsy androany Tompo! Tianareo ve ny hanatona Azy mba ho voavonjy? Tianareo ve ny hanome Azy ny fonareo androany? Tsarovy fa Jesosy dia afaka ary te hamonjy anareo amin'ilay ratsy, raha miantso Azy ianareo androany ary mifona Aminy. Mivavaha ho an'ny fianakavianareo sy ho an'ny olon-tianareo mba hanatonany an'i Kristy dieny mbola tsy tara.

Henoy ny Tenin'i Jesosy manao hoe: **'Hiaro anao Aho, ary hiambina anao amin'ny làlana rehetra alehanao ary hamonjy anao Aho, hovonjeko ny fianakavianao**. **Manatona Ahy ankehitriny.**
Ndao hody amin'izay. Rahampitso isika miverina aty", hoy ny Tompo.

FIZARANA FAHA-7: NY KIBON' NY HELO

Ny alina manaraka, niverina tany amin'ny helo izaho sy Jesosy. Niditra tao amin'ny toerana iray malalaka aloha izahay. Hatrany lavitra tsy taza-maso, hitako ny asan'ny devoly eny tontolo eny. Ny ankamaroany dia manodidina anay, miala 3m fotsiny ny toerana misy anay. Azoko sary an-tsaina fa hisy zavatra manokana hitranga noho ireo aloka diabolika sy fanahy demoniaka izay miasa amin'io toerana io sy ny manodidina. Ny zavatra hita eo dia mitovy amin'ireny film mampitahotra ireny. Hatrany lavitra tsy taza-maso dia nisy fanahy mijaly, ny devoly sy ny anjeliny no nanao ny asany. Ny aizina somambisamby dia feno.fitarainam-pijaliana sy famoizam-po tanteraka.

-Ry zanako, hoy Jesosy tamiko, satana dia sady mamitaka ny olombelona any ambonin'ny tany no sady mampijaly ny fanahy ao amin'ny helo. Ny ankamaroan'ny fahefan'ny devoly hitanao izao dia miparitaka koa amin'ny fotoany any ambonin'ny tany, mba handratra, hamono, ary hamitaka. Hampisehoako zavatra maro izay mbola tsy nisy nahita amin'ny antsipiriany ianao. Ny sasany ho hitanao dia efa miseho ankehitriny, fa ny sasany dia momba ny fotoana ho avy."

Nijery ny teo alohako indray aho. Hazavain'ny hazavana kely ny tany. Tsy misy aina, na ahitra, na zava-maitso ao. Maty daholo ny rehetra na efa ho faty. Ny toerana sasany dia mangatsiaka no mando, ny sasany kosa dia mafana sy maina. Izay tazanina dia ahenoana ilay fofona nofo efa ho lo sy maimbo, nofo eo an-dalam-pahasimbana, miaraka amin'ny fofona hena lo, dabam-pako sy bobongolo.
-"Hoy Jesosy tamiko: satana dia mampiasa fandrika maro mba hamitahana ny olon' Andriamanitra. Nandritra ny fivahiniana maro nataonay tao amin'ny helo no hampisehoako anao ny hafetsena izay ampiasain'ny devoly".
Vao nandeha kelikely izahay, dia nahita zavatra aizina mainty, niseho teo anoloanay.Ny fandehany dia ohatra ny miakatra sy midina, miha kely, mibontsina, ary isaka ny mihetsika izy dia mamoaka fofona maimbo be, mbola ratsy lavitra noho ny fofona mameno ny rivotra ao amin'ny helo. Hiezaka aho hanazava aminareo ny zavatra hitako.
Mandritra ny fotoana mahakely sady amoahan'ilay zavatra lehibe sy mainty fofona mahatsiravina, dia nahamarika zavatra sahala amin'ny tandroka aho, miloko maloka, ary mivoaka avy ao ho any ambonin'ny tany. Hitako fa fo lehibe sy mainty izy io ary misy fidirana marobe. Nisy tsindrimandry nampangorohoro nahazo ahy. Fantatr'I Jesosy ny fisainako, ka dia hoy Izy:
-Aza matahotra, ity ny fon'ny helo.Hijery ny ao anatiny isika amin'ny manaraka. Fa amin'izao fotoana izao, ndeha ho any amin'ny fonja isika. Ny fonjan'ny helo dia vita amin'ny efitra natao boribory eo amin'ny 27km eo ny haavony. Natrakako ny masoko ary hitako fa misy zavatra mafy be maizina nolavahana teo anelanelan'ny fonja sy ny fanambanin' ny kibon'ny helo. Ny corniche dia ohatra ny lalana boribory manaraka ireo efitra ary mampiseho amin'ny ankapobeny ny afovoan' ny helo.
-Marina ireo zavatra ireo, hoy Jesosy tamiko. Ny fahafatesana sy ny helo dia halatsaka ao anaty farihy afo indray andro any.
Mandra-pihavin'io andro io, ny helo dia mbola hitombo hatrany ary hanangona ireo fanahy manota mba hampijaliany sy hampangirifiriny.
Nomeko ny Aiko mba tsy handehananareo amin'io toerana io. Fantatro fa ireo zavatra mampatatahotra rehetra ireo dia misy, nefa ny famindrampon'ny Raiko dia marina sy mahitsy. Raha avelanareo hiasa Izy, dia hamela ny helokareo. Mikiakiaha Aminy amin'ny Anarako, androany dia androany ihany.

FIZARANA FAHA-8 : NY EFITRA FONJA AO AMIN' NY HELO

Eto amin'ny corniche ny rihana voalohany misy ireo cellules izaho sy Jesosy. Ny sakan'ny corniche dia eo amin'ny 1.30m eo ho eo. Nakariko ny masoko nijery amin'ny faran'ny ambony izay tratrako, nisy corniche maromaro nifanaingina ohatra ny lavarangana manodidina zavatra sahala amin'ny lava-drano lehibe. Aorian'ireo corniche na làlana boribory ireo dia misy efitrefitra milentika amin'ny tany izay mitovy amin'ny trano figadrana ary natao boribory. Tseroka eo amin'ny 60cm eo ho eo no mampisaraka azy ireo tsirairay avy.

Hoy Jesosy tamiko:" Ity toeram-pigadrana ity dia manana haavo 27km, avy any amin'ny faran'ny lavaka.
Ao anatin'io toerana io no migadra ny fanahy marobe izay nanao ny famposaviana sy ny herin'ny maizina. Ny sasany dia mpamosavy, ireo izay nilaza azy ho mpamantatra ny ho avy, mpifandray amin'ny fanahy, mpivarotra rongony, ireo mpanompo sampy, ary koa ireo olon-dratsy manana fanahy iraisana. Ireo fanahy ireo dia ireo izay tena nanao ny faharatsiana indrindra tamin' Andrimanitra. Maro amin'izy ireo no efa taty an-jato taona maro. Izy ireo dia izay tsy nibebaka, izay mamitaka ny olona ka mampiala azy tamin' Andriamanitra. Ireo fanahy ireo dia nanao fahadisoana lehibe tamin'ny Tompo sy ny olony. Ny ota sy ny faharatsiana no zavatra tiany sy fahafinaretany".
Sady manaraka ny Tompo amin'ilay làlana lavabe sy boribory aho, no nijery ao amin'ny faran' ilay lavaka izay misy asa marobe tsy tambo isaina. Misy hazavana maivana no manazava tsy ankijanona ao amin'ny afovoan'ny helo, ary dia mahita ny fihetsiketsiky ny aloka marobe ao aho. Eo amboninay izay tsy hita ny fiafarany dia misy efitrefitra marobe.

Nihevitra aho hoe: ny fijalian'ny fanahy ao anatin'ireo trano figadrana ireo dia mety kely ihany mihoatra ny fanahy izay ao anatin'ny lavaka misy afo. Ahenoana kiakiaka manodidina anay, fitarainana, fitolokoan'ireo voaheloka izay voahidy ao anaty efitra. Tsapako fa mitady harary aho noho ny zavatra hitako, feno alahelo ny foko.
Hoy Jesosy tamiko:
-Hatramin'izao dia tsy mbola nampahenoako izany kiakiaka izany ianao, fa manomboka anio, asehoko anao ny fomba famitahana, famonoana ary fanimbana ataon'I satana. Aty amin'ny helo dia misy fampijaliana maro mifanaraka amin'ny fanahy tsirairay. Satana dia mampijaly azy mandra-pihavian'ny andron'ny fitsarana izay hanipazana fahafatesana sy ny helo any amin'ny farihy afo.
Rehefa nandroso nanaraka ny corniche izahay, nisy feo niha mafy. Nisy kiakiaka be nivoaka avy ao anaty efitrefitra. Sady namihina an'I Jesosy aho no namindra. Nijanona manoloana ny efitra faha3 Izy. Nisy hazavana mahery be nanazava ny tao anatiny, izay ahitana vavy antitra mipetraka amin'ny seza mandroso mihemotra"fauteuil à bascule", sady mihetsiketsika amin'io seza io izy no mikiakiaka mahavaky fo. Tsy fantatro hoe ahoana, fa tena tafintohina aho nahita fa io vehivavy io dia tena olona misy nofo. Tsy misy n'iza n'iza ao anatin'io cellule io afa tsy ity vehivavy ity irery ihany miaraka amin'ny sezany. Ny rindrina dia vita amin'ny tany (glaise: argile tsy madio), sy loto natao tao anaty tany. Ny varavarana fidirana dia nandrakotra eo anoloan'ilay efitra iray manontolo. Io varavarana io dia vita amin'ny vy mainty ary misy "barreaux" sy "serrure". Noho ny elanelana misy anay amin'ilay barreaux, dia nahita tsara ny ao anatiny izaho sy Jesosy. Mihetsiketsika aloha sy aoriana amin'ilay seza ilay vavy antitra ary dia misy ranomaso mirotsaka amin'ny takolany. Hitako amin'ny tarehiny fa tena mijaly fatratra izy no sady mijaly noho ny fiasan-tsaina anaty. Nanontany tena aho hoe inona ny nataony nahatonga azy voagadra toy izao.
Vetivety teo, eo ambany masoko, nanomboka niova izy. Vavy antitra lasa lahy antitra, avy eo lasa vehivavy tanora. Farany, niverina tamin'ny maha vavy antitra azy tamin'ny voalohany teo izy. Nanontany tena aho hoe ahoana no mahatonga izany. Rehefa nahita an'I Jesosy izy dia niteny hoe:
-Tompo ô, mamindra fo amiko. Esory amin'ity toeram-pijaliana ity aho.
Nanakatra an'I Jesosy izy, nefa tsy nahazo Azy. Ny fiovana mandeha ihany, eny fa na dia ny akanjony aza niova. Indraindray izy manao akanjon-dehilahy, avy eo tanora, avy eo antonony ary farany dia manao akanjom-bavy antitra. Ireo fiovaovana ireo dia tsy maharitra ela fa minitra fohy ihany. Nanontany an'I Jesosy aho
-Fa maninona Tompo?
Niteny indray ilay vavy antitra
-Tompo ô, avohay ato aho alohan'ny hiverenan'izy ireo.
Nitsangana izy tamin'io fotoana io, manoloana ny efitra nisy azy, nitazona ny barreaux sady namikotra mafy.
Fantatro fa marina ny fitiavanao. Avelao aho handeha.
Nikiakiakan' ny tahotra ilay vehivavy ary hitako nisy zavatra nanomboka nandrovitra ny nofon' ny tenany.

-Tsy araka ny toetra izay hitanao ivelany io vehivavy io, hoy ny Tompo.
Niverina nipetraka tamin'ilay seza mandroso miverina ilay vehivavy fa tamin'ity indray mitoraka ity dia karana no hita mipetraka eo ambony sezany. Karana izay nisy zavona feno tsikoko ao anatiny. Minitra fohy talohan'izao, dia nanana tena izy no sady niakanjo, fa ankehitriny kosa dia taolana mainty mitangorona sisa, may no sady lavaka tsisy na inona na inona no nisolo toerana ny masony
-Taloha, hoy Jesosy, fony mbola teny ambonin'ny tany, dia mpamosavy io vehivavy io ary mpivavaka amin'i satana, tsy vitan'ny namosavy izy fa nampianatra izany ihany koa ho an'ny hafa. Tamin'izy mbola kely, nanao magie noire ny teo amin'ny fianakaviany. Aleon'izy ireo nisafidy ny aizina noho ny mazava.

Efa imbetsaka Aho niantso azy mba hibebaka fa nanaraby Ahy izy no nanao hoe: aleoko manompo an'I satana. Te hijanona eo ambany fahefany aho. Nandà ny fahamarinana izy. Betsaka ny olona nitaominy hiala tamin' ny Tompo . Ny sasany tamin'ireo olona ireo dia miaraka aminy aty amin'ny helo amin'izao fotoana izao. Raha nibebaka izy, dia namonjy azy aho, sy namonjy ny ankohonany, nefa tsy nety nihaino izy. Nofitahin'I satana io vehivavy io, nolazainy fa homeny fanjakana (royaume) izy mba ho valisoany noho ny nanompoany azy. Nolazainy taminy fa tsy ho faty mihitsy izy, fa kosa hiaina miaraka aminy mandrakizay. Maty teo am-panompoana an'I satana izy. Rehefa tonga teto amin'ny helo izy dia nitaky ny fanjakany. Satana, ilay rain'ny lainga nihomehy azy sady nanao taminy hoe : "heverinao fa hozaraiko aminao ny fanjakako"? Ity ny fanjakanao, dia nentiny tao anaty efitra izy, toerana hampijaliana azy andro sy alina. Teny an-tany dia nampianatra namosavy olona maro be izy, ary nanao magie blanche sy magie noire. Ankehitriny izy mijaly noho ny fangirifiriana mahazo azy ao amin'ny helo, ary ny nofony dia rotidrotika isaky ny miova izy izay tsy hainy baikoana intsony, ary dia mitohy miova tsy manam-pijanonana izy, miova endrika,fa ny tena endriny dia fanahy maloto ao anaty karana. Nampiasain'I satana mba hanatanteraka ny asany diabolika izy. Latsainy foana izy, ary entina manoloana an'I satana izy ka hampijaliany ka mahazo fahafinaretana ery izy amin'izany. Efa imbetsaka Aho no niantso azy mba hamonjeko azy fa tsy nila Ahy izy. Mangataka famelana izy ankehitriny, nefa efa tara loatra. Sady very izy no mamoy fo.

Nijery ilay vehivavy mahantra aho, izay very mandrakizay ao anatin'ny fangirifiriana sy ny loza. Nefa na dia vehivavy ratsy fanahy aza izy, triatran'ny ny alahelo ny foko. Avy eo, nisy devoly tonga teo amin'ny varavaran'ny efitranony, ary toa ny tsy nahita ny fisiako sy Jesosy teo izy io. Marron ny lokony ary misy tapaka ny helany, ary hita eo amin'ny habeny sy ny endriny dia mitovy amin'ny "ours" lehibe izy. Nosokafany tamin'ny fanalahidy ny varavarana izay naneno mafy ka vao maika mampitahotra bebe kokoa ilay vehivavy. Ity farany izay nikiakiakan'ny tahotra, fa ilay devoly kosa sady namely azy no nanosika hivoaka ny efitra nisy azy. Mampijaly azy matetika io devoly io, hoy Jesosy tamiko.
-Tompo ô, hoy aho nanontany, dia tsy misy azo atao intsony ve?
Tena onena azy mafy ny foko.
-Efa tara loatra, hoy Jesosy namaly, tara loatra!

FIZARANA FAHA-9: NY HOROHORON'NY HELO

Azoko amin'izay ny antony hoe maninona ny fanahy voahidy ao anatin'ilay efitra ao amin'ny kibon'ny helo no hafa noho ireo izay misy any amin'ny toerana fangirifiriana hafa. Nefa misy zavatra maro izay tsy azoko ny dikany.Izaho moa tsy nanao afa tsy izay nolazain'I Jesosy, ary nandika ny tantara araka ny hitako sy reko ho voninahitr' Andriamanitra.
Raha atao indray mitopy maso, ireo efitra figadrana ireo dia ohatra ny napetraka manodidina fari- bolana izay tsy hita fiafarany ny halavany. Misy olona iray isak'ilay efitra. Fitolokoana, fisentoana ary kiakiaka no mivoaka avy ao anatin'ireo efitra ireo rehefa nandalo manoloana azy ireo izahay. Nandroso kelikely izahay, dia nijanona manoloana efitra iray izahay, tamin'ny fotoana nijerenay ny tao anatiny, dia nisy hazavana niditra, dia ny hazavana navoakan'i Jesosy. Nahita fanahy izay nijaly mafy izahay.
Vehivavy hafa anankiray. Mangana ny lokony, ny nofony maty ary ny sasany mihasimba mikirozaroza amin'ny taolany. May daholo ny taolany ary miloko mainty antitra. Akanjo rovitra no anaovany. Kankana no mivoaka avy tamin'ny nofony sy ny taolany. Nisy fofona maimbo tsy laitra no nivoaka avy amin'io toerana io. Sahala amin'ilay vehivavy teo aloha, dia nipetraka tamina seza mihevaheva izy. Nitaiza saribakoly izy no nihevaheva tamin'ny sezany, sady nitomany izy no namihina teo an-tratrany ilay saribakoly. Nitomany izy ary feo nitoreo no nivoaka avy tao amin'ny efitra nisy azy.

-Mpanompon'I satana koa izy io, hoy Jesosy. Namidiny taminy ny fanahiny, ary tamin'ny fahavelony dia nanao ny ratsy rehetra izy. Zava-misy ny fanompoan-tsampy.
Io vehivavy io dia nanao sy nampianatra ny fanompoan-tsampy, ary maro ireo nentiny nanaraka ny làlan'ny

faharatsiana. Ireo izay mampianatra fanompoan-tsampy dia nahazo fahefana be dia be avy tamin'I satana, noho ireo izay nanao fotsiny. Nanao fankatovana sy fanompoana izy ho an'ny tompony. Nahazo tombontsoa sy valisoa tamin'i satana izy noho ireo ratsy vitany. Hainy ny nampiasa ny herin'ny maizina ho azy sy ho an'i satana. Nanatrika "messes noires" na « lamesa maizina » sy nanatrika "culte de satan" « na fivavahana amin'i Satana » izy. Nahery ho an'i satana izy. Nanontany tena aho hoe: firy ny olona nofitahin'ity vehivavy ity ho an'i satana. Nijery azy aho izay efa taolana sisa, ary ny fanahiny dia mitomany mihazona izato saribakoly vorondamba famafana maloto ireny, izay tapa-damba efa tena maloto be tokoa. Feno alahelo ny foko, latsaka ny ranomasoko. Fihininy eo an-tratrany ilay saribakoly maloto, ohatra ny hoe io no hahavonjy azy.

Nameno an'io toerana io ny fofona faty. Avy eo, hitako fa niova ho vehivavy antitra ny taona 30 tany, avy eo niova ho vehivavy tanora amin'izao vaninandrontsika izao. Niovaova tahaka izany foana izy teo ambany masonay. Io vehivavy io, hoy Jesosy, dia mitovy amin'ny mpitoritenin'i satana. Mitovy amin'ny hoe isika manana mpitory Filazantsara miaraka amin'ny ministera marina, satana dia manana ministra sandoka, izy ireo dia mpisandoka ny marina.
Ny fanomezam-pahasoavana satanika dia mifanohitra tanteraka amin'ny fanomezana ara-panahy izay omeko ny mpino. Ny azy dia herin'ny maizina.
Ny mpanompon'I satana dia miasa amin'ny herin'ny maizina, ao anaty toerana fanompoan-tsampy. Mamaky ny soritra eo amin'ny rantsan-tanany izy, ary manao zavatra maro hafa koa. Ny médium dia mpiasa matanjaka satanika. Voafitaka ireo izay manatona azy, ka lasa eo ambany vahoan'i satana.Ny mpiasan'ny maizina sasany dia tsy mahazo manatona mivantana amin'i satana raha tsy elanelanin'ny médium izay misolo vava azy. Manao sorona olona na biby izy. Betsaka ny olona no mivarotra ny fanahiny amin'i satana satria mieritreritra izy ireo fa ho velona mandrakizay, kanefa dia maty amin'ny fahafatesana mahatsiravina. Satana dia mieritreritra hatramin'izao fa hanongana an'Andriamanitra sy hanakorontana ny planiny. Kanefa izy dia resy noho ny Hazofijaliana. Nalaiko tamin'i satana ny fanalahidy rehetra ary ananako ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Rehefa maty io vehivavy io dia namantana aty amin'ny helo.

Nentin'ny devoly teo anatrehan'ny satana izy, sady tezitra be hoe alalana avy taiza no ananan'ireo devoly aminy. Tamin'izy tety ambonin'ny tany, nihevitra izy fa izy no nanana fahefana amin'ireo devoly ireo, satria izy no nibaiko azy ireo. Notakiany tamin'i satana ny fanjakany izay nolazainy fa homeny azy. Satana dia mitohy mandainga foana fa na dia efa maty aza izy. Noho ny fitaka nataony, dia nitondra fanahy be dia be ho azy izy. Koa dia noheveriny fa marina ny lainga nataon'i satana, kanjo, nihomehy satana ary naneso azy, sady niteny hoe: nofitahiko ianao ary nataoko fitaovana nandritra izay taona maro izay. Tsy homeko anao mihitsy ny fanjakako. Narosony taminy ny tànany ary henon-dravehivavy fa ohatra ny niala tamin'ny taolany ny nofony. Nidradradradra noho ny fangirifiriana izy ary nisy nitondra boky lehibe miloko mainty tamin'i satana.Nosokafany ilay boky dia notondroiny tamin'ny rantsan-tanany ny pejy mandra-pahitany ny anarany."Eny tokoa, hoy satana, nanompo ahy ianao tany ambonin'ny tany, nitondra fanahy mihoatra ny 500". Dia nandaingainy izy ka nilazany hoe:" Ny sazinao tsy ho mafy noho ny an'ny sasany".Nihomehy moramora ilay devoly anankiray naheno izany, nitsangana satana dia nanondro ilay vehivavy. Nisy rivotra be nandalo tampoka ilay toerana ary sahala amin'ny fikotroky ny varatra nivoaka tamin'i satana: Ha!Ha hoy ilay devoly. Alaivo ny fanjakanao raha azonao. Ary dia nisy hery tsy hita maso nanosika ilay vehivavy ka tafandry teo amin'ny tany izy. "Mbola hanompo ahy ato amin'ity toerana ity koa ianao". Nivanivany satana, niezaka ny hiarina ravehivavy. Nikiakiaka izy noho ny fangirifiriana izay nahazo azy, ny devoly nanohy nanala ny nofony amin'ny taolany. Avy teo dia notaritina izy hatrany amin'ny "cage" izay fitoerany. Tadidiny ny fampanantenana nomen'i satana azy, hoy izy taminy hoe:"hanana fahefana izy amin'ny fahafatesana sy ny fiainana, ka dia nino azy izy. Notantaraina taminy fa satana dia afaka manakana ny olona izay mitady hamono azy. Maro ny zavatra notantarainy taminy sy nampanantenainy taminy.
-"Hamonjy ny olona rehetra ny nahatongavako, hoy Jesosy.Tiako ireo izay very mba hibebaka sy hiantso ny Anarako.Tiako tsy hisy ho very na dia iray aza fa hanana fiainana mandrakizay. Mampalahelo ny milaza fa ny ankamaroan'ny olona dia tsy mibebaka amin'ny fahotany alohan'ny ahafatesany ka dia lasa any amin'nyhelo. **Fa ny làlana ho any an-danitra dia mitovy daholo ho an'ny olona rehetra. Tokony ho teraka vaovao indray ny olona vao mahazo miditra ny fanjakan' Andriamanitra. Manatona ny Ray amin'ny Anarako, ary mibebaha amin'ny helokareo. Tokony homenareo marina an' Andriamanitra ny fonareo, ary manompoa Azy**.

Ry zanako, ny zavatra hasehoko anao izao dia mahatsiravina lavitra noho ny teo aloha. Fantatro fa hampalahelo anao izany, nefa tiako ho fantatrao sy ho henon'ny olona rehetra ny zavatra tenenin'ny Fanahy amin'ny Fiangonana. Ao anatin' ireo efitra ireo, hatrany amin'ny farany tsy taza-maso, dia misy fanahy mijaly. Isaky ny feno ny efitra, dia miha lehibe ny helo mba ahafahany mandray fanahy marobe. Aty amin'ny helo dia anananareo daholo ny fahafantarana rehetra: raha jamba ianareo tany ambonin'ny tany, dia jamba ianareo aty amin'ny helo, raha tsy nanana afa-tsy tànana iray ianareo, dia iray ihany ny tànanareo aty amin'ny helo. Voatery aho milaza aminareo mba hibebaka satria ny helo dia toerana mampihorohoro, mampatahotra, toeran'ny alahelo mampivarahontsana sy fitomaniana tsy ankijanona noho ny nenina. Miangavy anareo aho mba hino fa marina ny zavatra lazaiko. Tena sarotra tamiko izany, ary imbetsaka aho no narary nandritra ny fikarakarana ity boky ity.

Taty amin'ny helo no nahitako zavatra mampivarahontsana ho tantaraina. Mbola mahatsiravina lavitra noho ny fikiakiaka ao amin'ny fijaliana, ny fofona nofo mihalo, sy ny tahotra ny amin'ny afon'ny helo miaraka amin'ny lavaka lalina be. Nahita zavatra hafa koa aho izay tsy nasain' Andriamanitra hosoratana. **Eo amin'ny fotoana izay ahafatesanareo, raha ohatra ka teraka vaovao tamin'ny Fanahin' Andriamanitra ianareo dia tonga dia miakatra any an-danitra. Raha mpanota ianareo, tonga dia mivantana aty amin'ny helo mahamay.** Devoly marobe miaraka amin'ny rojo no misintona anareo ary mampiditra anareo amin'ny vavahadin' ny helo ka alatsany ao amin'ny lavaka fampijaliana ianareo. Misy fotoana hoentina manoloana an'i satana ianareo, ary ho tsapanareo ny zavatra hanjo anareo eo amin'io toerana io.
Eny fa na dia samy hafa aza ny fampijaliana ny fanahy tsirairay, nilaza Jesosy fa dorana amin'ny afo izy rehetra. Nanazava koa Izy fa misy ny atao hoe: « ivo-toerana fanalana voly » na"centre de divertissement" ao amin'ny helo.

Ny fanahy ao anaty lavaka tsy azo entina ao. Ny **centre de divertissement** dia mitovy amin'ny toeram-pilalaovana "cirque" ireny. Ireo izay hatao fialam-boly dia entina eo amin'ny piste eo afovoany. Izy ireo dia ireo izay nanaiky an-tsitrapo hanompo an'i satana noho ny hanompo an' Andriamanitra. Manodidina io sehatra io ny fanahy sasany afa tsy ireo ao anaty lavaka. Ny fanahy izay atao eo afovoany dia ireo mpitarika izao tontolo izao tamin'ny asan'ny maizina fony izy ireo mbola teny ambonin'ny tany: mediums, mpanandro, mpamosavy, mpahita, mpanao magie, izany hoe ireo izay nifidy ny hanompo an'i satana.
Tamin'ny fahavelony, namitaka olona maro izy ireo ary nitarika azy ireo hanaraka an'i satana, sy hiaina ao anatin'ny ota. Ireo izay voafitaka sy nentina nalatsaka tao amin'ny fahotana no tonga ka mampijaly ireo izay namitaka azy. Navela tsirairay izy ireo hampijaly azy ireo. Ao amin'io karazana fampijaliana io, ny taolana ara-panahy dia nosaratsarahina ka nalevina amin'ny toerana maro samy hafa ao amin'ny helo. Ny fanahy sisa dia rotidrotika ary ny potipotiny dia naparitaka ao ao anaty helo ohatra ny karazana fihazana harena miafina demoniaka Ireo fanahy voatapatapaka ireo dia maheno fangirifiriana mafy. Ireo izay ao ivelan'ny kianja dia mahazo mitora-bato an'ireo izay ao anatin'ilay sehatra. Ny fomba fampijaliana tsy takatry ny saina rehetra dia azo atao. Ny fanahy izay iharan'izany dia mitrena, izany no atao hoe fahafatesana mandrakizay. Amin'ny zavatra rehetra ampiharina dia satana no manome baiko. Izany no atao hoe "centre de divertissement".

Hoy Jesosy tamiko: "nalaiko tamin'I satana ny fanalahidy efa taona maro lasa izay". Tonga Aho namoha ny fonja mba hamahako ny oloko, satria tamin'ny Testamenta taloha, raha mbola tsy nomeko teo ambonin'ny Hazo Fijaliana ny Aiko, ny Paradisa dia teo akaikin'ny helo no nisy azy. Ireo fonja ireo taloha dia tao amin'ny paradisa, fa ankehitriny nampiasain'i satana ho an'ny fikasany ary nanamboatra hafa koa izy. Novana toerana ny paradisa izay teo akaikin'ny helo tamin'ny fotoana nahafatesako sy ny fitsanganako tamin'ny maty noho ny Herin' Andriamanitra Raiko.
Ry mpamaky, hibebaka amin'ny fahotanao va ianao dieny mbola tsy tara? Satria tsy maintsy miseho eo anoloan' Andriamanitra isika rehetra ho amin'ny fitsarana. Mbola mamerina aminareo aho fa ireo efitranon'ny fonja mipetraka eo amin'ny 27 km eo ny haavony, dia natao ho fanagadrana ho an'ireo izay nanompo an'i satana, ireo izay tafiditra ao anatin'ny fahotana momba ny fahefan'i satana, ny asan'ny maizina sy ny fanompoana an'i satana.
-Avia hampisehoako zavatra ianao, hoy Jesosy tamiko.
Nisy fotoana teo amin'ny toerana ambony iray izahay, izay miala 800m eo ho eo amin'ny afovoan'ny kibon'ny helo, ary eo afovoan' ireo fonja mirefy 27km. Toy ireny lavakabe ireny nefa tsy hita ny tendrony na ny fiafarany noho ny aizina.
Nisy hazavana mavomavo nanomboka nanazava ilay toerana. Nofihiniko mafy ny tànan'I Jesosy.
- Tompo ô, nahoana isika no aty? Hoy aho.

Vetivety teo, indro nisy rivotra mahery ohatra ny rambon-danitra niaraka amin'ny tabataba mafy be ery niseho ary nisy onjan'afo be dia be nanomboka namely ny rindrin'ny efitra ka nandoro izay rehetra nandalovany. Nahatratra ny tao anaty efitra tsirairay ny lelafo izay niteraka kiakiaka mahatsiravina sy famoizam-po. Na dia tsy voan'ny lelafo aza izaho sy Jesosy, nisy tahotra lehibe nahazo ahy rehefa nahita aho fa lasa nandositra amin'ny sisin'ny efitra keliny ireo fanahy very, nitady toerana iafenana.
Nisy feo diabolika nanomboka henonay avy teo ankavianay. Nijery aho, ary hitako satana. Nitsangana izy nitodi-damosina anay. Ao anaty afo ny tenany rehetra, nefa tsy may izy. Izy no nanao io afo io. Ankehitriny, niditra tao amin'ny afo izy ary faly nampijaly ireo fanahy very mahantra, rehefa ahetsiny ny tànany, dia misy vongan'afo lehibe miala avy aminy. Fitolokoana mahavaky fo sy kiakiaka fanaintainana no mivoaka avy tao amin' ireo fonja. May ireo fanahy izay ao anatiny azon'io hafanana io izay mbola mahery lavitra noho ny an'ny farihy afo, nefa tsy mety maty ireo fanahy very ireo. Miara-mihomehy amin'i satana ireo devoly ireo, ary satana mitety ny fonja ka mampijaly azy ireo.
-"Ny ratsy no sakafon'i satana hoy Jesosy. Mankafy ny fanaintainana sy fijaliana izy. Izany no azahoany hery."
Nandinika an'i satana aho, ary indro fa nisy lelafo mena sy lokom-boasary izay matroka manodidina nihanitombo manodidina azy. Nisy rivotra mahery sy nisafoaka nitsoka ny fitafiany, nefa tsy mirehitra ireo. Fofona nofo nodorana no nameno ny rivotra niainana. Dia mbola tsapako fa ny horohoro ao amin'ny helo dia tena azo tsapain-tànana.Nandeha ao afovoan'ny lelafo satana, kanefa tsy nahamay azy ireo. Eny fa na dia ny lamosiny azy no hitako, re hatriza hatraiza ny fihomehezany mahatsiravina.
Mbola teo am-pijerena azy aho no niainga izy narahina setroka nitambolombolona tahaka ny rahona, nentiny niaraka taminy, ny afo miendrika riaka hatrany antampon'ny kibon'ny helo. Niherika izy ary nanambara tamin'ny feo mahery fa raha tsy manompo azy ireo fanahy rehetra ireo dia alefany ho any amin'ny sehatra fialam-boly izy ireo.
-Tsia, miangavy anao izahay ry satana, hanompo anao izahay.
Niaraka nihiaka izany izy rehetra no sady niankohoka, ary arakaraky ny hanompoany azy no miha mitombo ny fitiavany hanompoana azy. Ny feon'izy rehetra miredona nihamafy ary nanenika ny helo iray manontolo.
Ireo anaty cellules rehetra ireo, hoy Jesosy tamiko dia samy efa nahare ny Tenin' Andriamanitra avokoa tamin'ny mbola velona tany ambonin'ny tany. Efa imbetsaka Aho no nanolotra azy ireo ny famonjeko. Efa imbetsaka ihany koa no nanintonan'ny Fanahiko azy ireo. nefa tsy te hihaino ny sofiny, na mba hanatona Ahy ka ho voavonjy.

Nandritra ny fotoana niresahanay, satana niteny tamin'ireo gadrany:" Ha!Ha! Io ny fanjakanareo, fanjakana izay ho azonareo mandrakizay. Ny fanjakako dia manenika ny tany rehetra sy ny aty ambanin'ny tany".
Eo anatrehan' izany, ranomasom-panenenana no heno mivoaka avy ao amin'ny efitrano may, fa mbola henoko ihany izy nanambara hoe:"Izao no ho fiainanareo mandrakizay".

-"Malalaka ny famonjeko, hoy Jesosy tamiko. Na iza na iza no mandray Ahy dia afaka ny tsy ho tonga amin'ity toerana fanasaziana mandrakizay ity. Izay manantona Ahy tsy ho laviko mihitsy. Raha misy mpamosavy, na ihany koa olona efa nanao fanekena ara- tsoratra tamin'ny devoly, dia ny Heriko no handrava izany ary ny Rako izay nalatsako no hamonjy azy. Esoriko amin'ny fiainany ny ozona avy tamin'ny devoly ary havotako amin'ny helo izy . Atolory ahy ny fonao, hanalako ny gadra vy mamatotra anao mba ho afaka ianao".

FIZARANA FAHA-10: NY FON' NY HELO

Ny alina, niaraka indray izaho sy Jesosy ho any amin'ny lalina any amin'ny helo. Ary mandritra ny andro dia eo ambany masoko foana ny helo. Niezaka nitantara tamin'ny olona ny zavatra hitako aho, fa tsy nety nino ahy izy ireo. Tsapako fa tena irery aho, fa raha tsy ny fahasoavan' Andriamanitra dia tsy nahavita nanohy intsony aho. Ny voninahitra anie ho an'I Jesosy Kristy Tompo.
Niverina tany amin'ny helo indray izahay ny alina manaraka. Nandeha izahay nanaraka ny kibon'ny helo. Nisy tadidiko ny toerana sasany izay efa notsidihinay. Henoko indray ilay fofona nofo nodorana, fofona lo, bobongolo. Rivotra mafana be no iainana na aiza na aiza no aleha. Reraka be aho. Fantatry Jesosy ny eritreritro, ka hoy Izy:
- Tsy handao anao akory Aho. Tsy avelako irery ianao, fantatro fa reraka ianao, koa ndeha homeko hery ianao.

Nandray ahy Izy ka dia nahery aho. Nitohy nandeha ihany izahay. Eo anoloanay, hitako fa nisy zavatra mainty lehibe, lehibe noho ny kianja filalaovam-baolina, izay ohatra ny mihetsika miakatra sy midina. Tsaroako fa Jesosy nilaza fa hoe: **“fon’ny helo”** io. Ary ao anatin’io fo mainty ngeza be io dia ohatra ny misy **tànana sy tandroka** mivoaka. Ireo tandroka ireo dia miala avy ao amin’ny fo ka mandeha ao anatin’ny helo sy eo ivelan’ilay fo izay misy tany manodidina. Nanontany tena aho hoe: sao dia ireo tandroka ireo no lazain’ny Baiboly. Ny tany manodidina ilay fo dia maina sy matroka. Eo amin’ny 10m manodidina, may io tany io ary nanjary niloko matroka. Miloko mainty ny fo, nefa nisy loko ohatra ny kirana bibilava nilentika ao amin’ilay mainty.
Isaky ny fitempon’io fo io dia nisy fofona mahatsiravina mivoaka avy ao. Tena nitempo ohatra ny tena fo izy io, ambony sy ambany ary hodidinan’ny herin’ny maizina. Gaga aho sady nandinka ilay fo, ary nanontany tena hoe inona ary no tena ilana an’io.
Ireo **tànana** ireo, hoy Jesosy tamiko dia mitovy amin’ny lalan-drà amin’ny fo izay toy ny lalana manosika ireo fanahy ratsy hivoaka amin’ny tany ety ivelany. Ireo no tandroka izay hitan’I Daniel. Ireo tandroka ireo no misolo-tena ny fanjakana satanika ety ambonin’ny tany .Ny sasany tamin’izy ireo efa nisy, ny sasany vao hisy. Ny sasany dia efa misy amin’izao tontolo izao.

Fanjakana satanika marobe no hitsangana ary ny antiKristy no hanjaka amin’ny olona maro, amin’ny toerana sy zavatra maro samihafa. Ary mety hisy olom-boafidin’ny Tompo ho voafitany. Betsaka no ho very làlana ka hanompo ny **“ biby sy ny sariny”.** Avy amin’ireo rantsana lehibe ireo dia hisy tandroka haniry. ary avy amin’ ireo no ivoahan’ny devoly, ny fanahy ratsy rehetra. Ireo firenena sy hery satanika ireo dia hanaiky ny baikon’ny “biby”, ary maro ny olona hanaraka azy ho amin’ny fandravana. Eto anatin’ny fon’ny helo, no fototra iavian’ireo zavatra ireo.
Izay no nambaran’i Jesosy. Nomeny baiko aho ny hanoratra ny Teniny ao amin’ny boky, ka hanao izay ahafantaran’ny olona azy. Marina ireo teny ireo. Ireo fahitana ireo dia nomen’i Jesosy Kristy Tompo mba hahalalan’ny olona rehetra sy ahafantarany ny asan’ny satana ary ny planina diabolika izay homaniny ho an’ny ho avy.
-Manaraha Ahy, hoy Jesosy tamiko.
Nandeha tamin’ny tohatoha-bato izahay ho any anatin’ny fo. Nisy varavarana nisokatra teo anoloanay. Aizim-be mikitroka ny tao anatiny. Naheno olona nitomany aho, ny fofona heno ao dia tena mahatsiravina ka zara aho raha afa-miaina. Ao anatin’ny aizina, tsy nisy zavatra hitako afa tsy Jesosy. Nanatona ihany aho, sady namihina an’i Jesosy.
Vetivety teo, tsy teo intsony Jesosy. Tanteraka ny ahiahiko. Izaho irery sisa no tao amin’ny fon’ny helo. Tratra ny tahotra lehibe aho, tafiditra tao anaty fanahiko ny tahotra, voagejan’ny fahafatesana aho.
- Jesosy, hoy aho, aiza Ianao? Miangavy Anao aho, miverena ry Tompo! (niantsoantso aho), fa tsy nisy olona namaly.

IRERY TAO ANATIN’ NY FON’ NY HELO

-Andriamanitro ô, hoy aho sady nitomany, tsy maintsy mivoaka ato aho. Lasa nihazakazaka tao anatin’ny alina aho, nandray ny rindrina. Tsapako ohatra ny miaina izy ireo, sady mihetsika ao ambanin’ny tànako. Fa tsy nijanona irery ela aho. Naheno fihomehezan’ny devoly 2 tsilovin’ny fahazavana kely aho. Sady nanatona ahy izy ireo no nandray ny tànako ary nafatony tamin’ny rojo ny sandriko. Ary indro fa nanomboka nosintoniny ho any amin’ny fanambanin’ny fon’ny helo aho. Nikiakiaka aho, niantso an’I Jesosy, fa tsy nisy valiny. Nikiakiaka aho no sady nitolona tamin’ny heriko rehetra saingy tsy nanana hery aho afaka nanohitra azy ireo izay nisintona ahy. Naheno fangirifiriana tena mafy aho rehefa nentiny nidina tany amin’ny faran’ny lalina tao anaty fo izahay. Nisy hery tsy fantatro nandrangotra ny tenako, ka ohatra ny voahongotra ny nofoko. Nikiakiaka noho ny tahotra aho.
Nosintonin’ireo mpanafika ahy aho ka natsipiny ho ao amin’ny efitra figadrana. Nohidin’izy ireo ny varavarana, izaho kosa nikiakiaka mafimafy kokoa. Nihomehy feno latsa izy ireo.

- Aza mandrera-tena mikiakiaka, hoy izy ireo tamiko. Rehefa tonga ny fotoananao dia entinay eo anatrehan’ny sefonay ianao ka hahazo fahafinaretana amin’ny fampijaliana anao izy.
Ankehitriny, nanenika ny tenako manontolo ny fofona maimbo be ny fon’ny helo.
-Nahoana aho no aty? Inona no mahazo ahy? Lasa adala ve aho. Avelao aho hivoaka, avelao aho hivoaka. Tsy nisy vokany ny antsoantsoko. Rehefa afaka fotoana maromaro, nanomboka hitako ny sisin’ny efitra izay nisy ahy. Boribory ilay izy no sady malama ohatra ny zavatra manana aina. Hay tena velona tokoa ilay izy no sady nanomboka nihetsika.

-Andriamanitro ô, hoy aho, fa misy inona? Jesosy ô, aiza Ianao? Ny akon'ny feoko ihany no namaly ahy. Nisy tahotra mafy nahazo ahy. Hatramin'izay nandaozan'I Jesosy ahy izay, izao aho vao nahatsapa hoe tena very aho, tsy misy fanantenana intsony. Nitomany aho ary niantso an'i Jesosy araka izay tratrako. Teo aho no naheno feo tao anatin'ny aizina:
- Tsy mitondra inona ho anao ny fiantsoanao an'i Jesosy fa tsy aty Izy.
Nisy mazava kely nanazava ilay toerana. Teo aho vao nahita ireo efitra sasany, mitovy ny ahy, milentika ao anaty rindrina ao amin'ny fon'ny helo. Nisy zavatra toy ny hoditra nanoloana anay, sahala amin'ireny "palme" hita amin'ny tongotry ny vorona sasantsasany ireny. Ary ao anatin'ny efitra tsirairay avy dia misy karazana fotaka sy ranon-javatra misy zavatra madity izay miraraka ao anatin'ireo efitra.
Nisy feom-behivahy nivoaka avy tao amin'ny efitra nifanila tamiko nanao hoe:
- Very aty amin'ity toerana fampijaliana ity ianao, hoy izy tamiko. Tsy misy làlana hivoahana avy ato.
Sarotra tamiko ny nijery azy satria malefaka be ny hazavana. Samy tsy matory izahay roa vavy, fa ny sasany tao amin'ireo efitra hafa rehetra dia ohatra ny matory na ohatra ny safotra.
-Tsy misy fanantenana intsony hoy izy nikiakiaka.

Nivalanketraka sady nahatsiaro fahanginana be aho, no sady very fanantenana. Vao maika nanampy trotraka ny tenin'ilay vehivavy:
- Aty amin'ny fon'ny helo, hoy izy, ato isika dia ampijaliana, nefa tsy dia mafy
loatra mihoatra ny sasany any amin'ny toeran-kafa ato amin'ny helo. Indraindray, hoy ihany izy nanohy, entina eo anatrehan'i satana isika izay faly mampijaly antsika. Ny loza mahazo antsika no sakafon'i satana, ary mitombo ny heriny noho ny kiakiakan' ny fahaverezam-panantenantsika. Tsy miala eo imasontsika mihitsy ny helotsika. Fantatsika fa tsy manana an' Andriamanitra isika. Fantantsika fa misy fotoana nahafantarantsika ny Tompo Jesosy, nefa nolavintsika Izy. Nanao izay tiantsika hatao isika ka nitodi-damosina Azy. Mpivaro-tena aho talohan'ny nahatongavako taty. Sintoniko aty amiko ny lehilahy sy vehivavy mba azahoako ny volany. Izay tiako natao tamin'izy ireo dia nataoko. Be dia be ny tokantrano simbako. Ao anatin'ireo efitra ireo, maro ny lesbiennes, ny homosexuels sy ny olona manitsakitsa-bady. "Izaho anie tsy anatin'izany fiainana izany ê", hoy izaho sady nikiakiaka tao amin'ny maizina.
An' Andriamanitra aho, nahoana aho no aty?Tsy nisy valiny.

Tsy tapitapitr'izay, niverina ireo devoly, nanokatra ny varavaran'ny efitra nisy ahy. Ny anankiray nisintona ahy, ny anankiray nanosika ahy, dia nentiny tamin'ny làlana vatovatoana aho. Raisin'izy ireo ny tànako, nahare ny afo aho tao amin'ny nofoko, tsy nananany antra mihitsy aho.
-Jesosy ô, aiza Ianao? Raha mety Ianao, ampio aho Jesosy!
Nisy afo be naneno ohatra ny feon'ny liona nanatona ahy sy nijanona teo anoloako. Ankehitriny, tsapako fa esorina amiko ny nofoko. Nisy fangirifiriana izay tsy hay lazaina nahazo ny tenako, ka mila tsy ho tantiko, nisy zavatra izay tsy hitako no nandrovitra ny vatako, ary nisy fanahy masiaka mitovy amin'ny ramanavy nanaikitra ny tenako.
-Tompo ô, hoy aho niantso. O ry Tompo, aiza Ianao? Raha mety Ianao, vonjeo aho. Sady nosintomina no natosika aho ho eo amin'ny toerana malalaka tsy misy na inona na inona, izay ao amin'ny fon'ny helo, avy eo natsipy manoloana ohatran'ny alitara feno tsikoko. Nisy boky be nisokatra teo amin'ny alitara. Naheno feo diabolika aho, tsapako fa eo afovoan'ireo loto aho,ary matory mitsilany, manoloana an'I satana.
-Azoko ihany ianao ny farany, hoy izy.
Nihemotra aho, nihorinkoditra , kanjo hitako fa olon- kafa tao alohako no teneniny.
-Afaka ny hamotika anao amin'izay aho, hoy izy. Ndao hoe jerena ny sazinao.
Nosokafany ilay boky dia narahiny tamin'ny fanondro ny pejy. Hitany ny anaran'ilay fanahy ka dia nampiharina ny sazy. Tompo ô, hoy aho, mba tena marina ve izao zavatra rehetra izao?
Izaho no manaraka. Natosik'ireo devoly ho eo amin'ny "plate forme" aho ary nanery ahy ny hiankohoka manoloana an'i satana izy ireo.Ilay fihomehezana diabolika ihany no nivoaka ny tenany.
-Efa ela no niandrasako anao, ary farany azoko ihany ianao.
Niteny mafy be izy no sady afa po.
-Nanandrana ny handositra ahy ianao, fa ankehitriny azoko ianao!

Nisy tahotra izay tsy ary fantatro hatramin'izay no nahazo ahy. Norotidrotehina indray ny nofoko ary nasiana rojo ngezabe nahodinkodina tamin'ny tenako. Nijery ny tenako aho. Nihodidinana io rojo io, ary dia nitovy tamin'ireo rehetra ireo aho. Squelette na taolan' olona maty aho ary kankana marobe no mifamezivezy ao anatiko. Nisy afo nivoaka avy tao amin'ny tongotro, ka nanenika ny tenako manontolo.
Nikiakiaka indray aho: - Jesosy ô, inona no mahazo ahy? Aiza Ianao Jesosy?

Nihomehy araka izay tratrany satana ka nanao hoe:
-Tsy misy Jesosy aty. Izaho izao no mpanjakanao. Mijanona miaraka amiko mandrakizay ianao, ahy ianao izao.
Natahotra mafy aho,tsy nahatsapa an' Andriamanitra aho, na fitiavana, na fiadanam-po, na ""chaleur humaine", fa saingy kosa nahatsapa tahotra be sy fangirifiriana mafy izay tsy tratry ny saina. Nitalaho mafy tamin'i Jesosy Tompo aho mba hamonjy ahy, nefa tsy nisy valiny.
- Izaho izao no tomponao, hoy satana tamiko.
Natsangany ny tanany ary niantso devoly iray izy ho eo anilany. Tsitapitapitr'izay niantso fanahy tena ratsy fanahy niakatra teo amin'ny plate forme izay nisy ahy ary namihina ny tànako, lehibe sady bota izy. Ny tarehiny dia salaha amin'ny tarehina ramanavy, ary ny tànany dia sahala amin'ny tànam-borona mpihaza, ary namoaka fofona maimbo be izy.
- Inona no hataoko aminy ry tompo satana? hoy ilay fanahy ratsy. Ary nisy devoly anankiray hafa ihany koa izay feno volo ary lohana lambo ny lohany, nandrovitra ny nofoko.
- Ento any amin'ny lalina ao amin'ny fon'ny helo izy, amin'ilay misy horohoro izay tsy miala eo anoloan'ny maso. Ao izy no mianatra ny miantso ahy ho tompo.
Notarihina lavidavitra aho, tamin'ny toerana maloka, tena maloka ary natsipy tao anaty zavatra mangatsiaka sy mitete.

Ahoana no ahafahan'ny olona sady mahare ny hatsiaka sy hafanana? Tsy fantatro, fa ny afo nandoro ny tenako ary ny olitra mandehandeha ao amiko sy ao anatiko.Ny fitalahoam- pahafatesana no nameno ny toerana tao.
-Jesosy Tompo ô, nahoana aho no aty? Andriamanitro ô, avelao aho ho faty.
Nitomany aho, namoy fo. Vetivety, nisy nazava be nanekika ny toerana nipetrahako. Niseho Jesosy ary namihina ahy. Vetivety teo, tonga tany an-trano aho.
-Jesosy Tompoko ô, taiza lanao? Hoy aho nanontany Azy, no sady nikoriana tamin'ny takolako ny ranomasoko. Niteny tamim-pitiavana Izy dia niteny hoe: "Ry zanako, tena misy ny helo. Tsy ho azonao mihitsy izany raha tsy niainanao. Ankehitriny fantatrao ny marina, ka afaka mitantara amin'ny hafa ianao. Nataoko niainanao io zavatra io, amin'izay fantatrao tsy amim-pisalasalana ireo zavatra ireo".
Sady nalahelo aho no reraka be, ka dia nironjina teo an-tratran'I Jesosy. Eny fa na dia efa nomeny hery aza aho, te handeha lavitra an'i Jesosy, lavitra ny fianakaviako, lavitra ny olon-drehetra aho. Narary mafy aho ny andro manaraka. Nalahelo mafy ny fanahiko. Eo imasoko mandrakariva ny horohoron'ny helo nandritra ny andro maromaro vao tena sitrana aho.

FIZARANA FAHA-11: NY AIZINA AO IVELANY

Isan'alina, niverina tany amin'ny helo izaho sy Jesosy mba hahafahako mitantara ireo zava-mahatsiravina ireo. Fihiniko mafy Jesosy isaka izay mandalo ny fo izahay. Isak'izay mahatsiaro ny nanjo ahy tao amin'io toerana io aho, dia tratran'ny tahotra mafy. Nijanona manoloana devoly maromaro izay mihira sy mamerina hira fiderana ho an'i satana izahay. Ohatra ny faly ery ry zareo.
- Ataoko renao izay lazain'izy ireo, hoy Jesosy tamiko:
- "Andeha ho amin'io trano io isika androany, ary hampijaly ireo izay mipetraka ao, omen'i satana fahefana bebe kokoa isika raha mankato hoy izy ireo. Eny, hasiantsika fangirifiriana, aretina ary alahelo betsaka ho an'izy rehetra".
Nanomboka nandihy sy nihira diabolika izy ireo nanomezany voninahitra an'i satana.
Hoy ny devoly anankiray:
- "Tokony mitandrina tsara ary tokony ho mailo amin'ireo izay mino an'I Jesosy isika satria izy ireo manana fahefana ny handroaka antsika".

- Eny, hoy ny anankiray, tsy maintsy mandositra ny anaran'i Jesosy isika. Isika tsy handeha amin'ireo izay mahafantatra an'I Jesosy sy ny herin'ny Anarany, hoy ny anankiray.

- "Ny anjeliko, hoy Jesosy, miaro ny oloko amin'ireo fanahy ratsy ireo, ka mandamoaka ny asany". Miaro ireo olona tsy voavonjy ihany koa Aho, na dia tsy fantany aza. Manana anjely be dia be Aho izay manakana ny planina fanimbana ataon'i satana. Betsaka ihany koa hoy Izy ny devoly ao amin'ny rivotra sy eto an-tany. Nataoko nahita ny sasany tamin' ireo devoly ireo ianao, fa ny sasany tsy afaka ny ho hitanao. Izany no antony tokony hitoriana amin'ny olona tsirairay avy ny fahamarinan'ny Filazantsara. Manafaka ny olona ny marina ary miaro azy amin'ny ilay ratsy.

Amin'ny Anarako no misy ny famahana sy ny fahafahana. Manana ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany Aho, aza matahotra an'l satana, fa Andriamanitra no atahory".

Rehefa nandroso tao amin'ny helo izahay, dia tonga teo anoloan'olona tena ngezabe no maloka be. Nohodidinina aizina izy ary nanana endrika anjely. Nisy zavatra ny tànany havia. Hoy Jesosy tamiko: "Ny aizin'ny ivelany (les tenèbres du dehors) no anaran' ity toerana ity. Nahare fitomaniana sy fikitrohanify aho. Na aiza na aiza nalehako hatreto dia tsy ary nahita famoizam-po lehibe sahala amin'izay tsapako tao amin'io toerana io. Ilay anjely teo anoloanay dia tsy manana helatra, 15m ny haavony ary nahalala tsara ny zavatra ataony izy. Nitazona "disque" lehibe tao amin'ny tànany havia izy, ary nihodinkodina am-pitoerana, no sady natsangany ambony ny tànany ohatra ny hanipy ilay "disque". Nisy afo teo afovoan'ilay kapila "disque" ary maloka ny manodidina azy. Nataon'ilay anjely tao ambanin'ny tànany ilay "disque" ary nihemotra izy mba haka bahana. Nanontany tena aho hoe iza àry io anjely io ary inona no tiany hatao.

Fantatry Jesosy ny eritreritro ka hoy Izy:
-Aty no atao hoe aizina ivelany. Tsarovy ny Teniko : «Ary ario ho any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mahasoa; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify." Mat 22 :13 sy 25 :30
-Tompo ô ! Ny dikan'izany ve dia ao ny mpanomponao ?
-Eny, hoy Jesosy. Ny mpanompo izay nitodi-damosina Ahy rehefa avy nantsoiko, ny mpanompo izay tia izao tontolo izao noho Izaho, ary dia niverina nandoto tena tao anaty ny fotaky ny fahotana, ny mpanompo izay tsy nety nandeha tamin'ny fahamasinana, ao izy ireo. Naleo tsy nanomboka mihitsy toy izay niverina (nihemotra) rehefa avy nanompo Ahy.
Raha nanota ianareo, manana Mpisolovava eo anatrehan'ny Ray ianareo raha mibebaka noho ny helokareo. Tsy miova Aho, afaka manadio anareo noho ny fahotanareo. Raha tsy mibebaka ianareo, ho tonga amin'ny fotoana tsy ampoizinareo Aho, ary dia horoahina miaraka amin'ny tsy mino ka hatsipy ao anaty maizina aty ivelany.
Nandinika ilay anjely mainty aho izay nanipy ilay disque be any lavitra anaty aizina any.
-Ny Teniko dia milaza tsara izay tiany tenenina raha miteny izy hoe: "Natsipy ao anaty **maizina any ivelany** izy ireo".

Tamin' io fotoana io, teo amin'ny habakabaka izaho sy Jesosy nanaraka ilay disque teny ambony teny. Nanakaiky ny sisin'ny disque izahay hijerenay ny tao anatiny. Nisy afo tao afovoany, ary olona marobe no nilomano tao, indraindray mitranga avy ao anaty onjan'ny afo ireo olona ireo. Tsy nisy devoly na fanahy ratsy tao, fa fanahy may ao anaty rano afo. Eo ivelan'ny disque dia aizina mikitroka. Ny hazavan'ny lelafo ao afovoany no hany tokana nanazava ny alina. Ao anatin'io hazavana io, nahita fanahy marobe aho izay nanandrana namonjy ny morony, nisy sasany izay efa akaiky ho tonga kanjo nisy hery tampoka avy ao afovoany nisintona azy ireo ka namerina azy ireo ho ao amin'ny lelafo. Raha nijery tsara aho dia hitako fa niova karana izay nisy fanahy matroka ohatra ny zavona tao anatiny. Teo vao fantatro fa toerana hafa ao amin'ny helo izy io.
Avy eo, ohatra ny tamin'ny fahitana, nahita anjely marobe aho nanokatra tombo-kase. Ary nisy firenena sy fanjakana niseho teo anoloany. Rehefa novakian'ny anjely ireo tombokase ireo, lehilahy sy vehivavy, ankizilahy sy ankizivavy marobe no lasa tao anaty afo.

Natahotra be aho, nojereko ireo mpanompon'ny Tompo izay lavo ireo no sady nanontany tena aho sao mba misy fantatro ny sasany amin'izy ireo. Tsy nety niala teo imasoko io fisehoan-javatra io izay nahitako ireo fanahy izay mizotra manantona ny afo nefa tsy misy manakana azy ireo.
Niantso aho:
-Tompo ô, raha mety Ianao, ajanony ireo sao tafiditra ao anaty afo.
-Izay manan-tsofina aoka izy hihaino, hoy Jesosy namaly, izay mana-maso aoka hahita, ry zanako, hezao ny feonao hiady amin'ny fahotana sy ny ratsy. Lazao amin'ny mpanompoko mba haharitra, sy hiantso ny Anaran'ny Tompo. Ny antony nampisehoako anao ity toerana ity dia ny mba hilazanao azy ireo ny atao hoe "helo". Ny sasany tsy hino anao, ny sasany hiteny aminao hoe: tsara fanahy loatra Andriamanitra ka tsy handefa lehilahy na vehivavy ho any amin'ny helo, nefa teneno amin'izy ireo fa ny Teniko dia "Fahamarinana". Lazao aminy fa ny ratsy fanahy sy ny tsy mino dia hanana ny anjarany ao anaty farihy afo.

Ny alina manaraka izaho sy Jesosy nandeha tamin'ny toerana hafa tao amin'ny helo.
- **Ato anatin'ny sandry havanan'ny helo isika**, hoy Jesosy tamiko.

Niakatra teo ambony havoana iray sady karakaina izahay. Natopiko hijery ny any ambany ny masoko, ka nahita renirano misamboaravoara aho. Tsy nisy lavaka afo tao, na devoly, na fanahy ratsy, afa tsy ilay renirano lehibe ihany. Tsy hita ny sisin'ilay renirano fa ao anaty aizina. Hitako fa feno rà sy afo ilay renirano. Rehefa nojereko akaiky, nahita fanahy marobe aho, izay nifatotra rojo be ny tànany. Ao anatin' ny afon' ny helo ireo olona ireo. Voamariko ihany koa fa manana endrika karana izy ireo ary maloka ny fanahiny ao anatiny.

FIZARANA FAHA-12: NY SANDRY HAVANAN'NY HELO

-Inona io, hoy aho nanontany ny Tompo.
Hoy Izy namaly ahy: "ireo no fanahy tsy mino sy ireo izay niaina tsy nisy Andriamanitra, ireo izay tia ny tenany noho Andriamanitra. Izy ireo dia lehilahy tia lehilahy sy vehivavy tia vehivavy, izay tsy nety nibebaka ny fahotany mba ho voavonjy. Nitia ny fiainany ao anaty ota izy ireo ka nanosi-boho-tànana ny famonjeko".
Vetivety teo, nanomboka nitrena ilay afo mitarehina lafaoro lehibe, mifindra sady mihinana ny zavatra mifanena aminy. Nodoran'ilay renirano ny zavatra rehetra. Mbola mijery ireo fanahy ao anaty afo ireo aho, hitako fa menabe izy ireo ary ny taolany dia mainty sy nikarainkona. Henoko ny fitolokoan'izy ireo noho ny nenina.
Izany no fijalian'izy ireo, hoy ny Tompo. Voafatotra rojo miaraka izy ireo. Nanana faniriana ara-nofo ny mitovy aminy izy ireo (ny samy lehilahy sy ny samy vehivavy), mba hanatanteraka zavatra tsy mifanaraka amin'ny natiora. Maro ny tanora lahy sy vavy tafiditra ao anatin'io làlana io. Fitiavana no iantsoany azy, nefa ny tena marina, dia io no atao hoe: fahotana sy fahafatesana. Fantatro tsara anefa fa maro ireo ankizy lahy sy vavy ary ireo efa lehibe dia lehilahy sy vehivavy no voatarika tsy fidiny hanao io zavatra maharikoriko io, fantatro izy ireo ary ny fahotany dia tsy maintsy babeny.

Na dia izany aza dia tsarovy fa Izaho mahalala ny zava-drehetra ka ireo izay nitarika ireo tanora ireo hanota no mandray ny fanamelohana lehibe indrindra. Mitsara marina Aho.
Ry mpanota: mifonà ianao dia hamindra fo aminao Aho. Antsoy Aho dia ho valiako ianao. Tsy ankijanona Aho no niantso anareo mba hibebaka sy hanatona Ahy. Noho ny Anarako dia afaka novonjena izy ireo saingy tsy nety nihaino Ahy. Naleony nifidy ny fahafinaretan'ny nofo toy izay ny Fitiavan' Andriamanitra Velona.

Henoko ny kiakiaky ny fanenenana, etsy andanin'izany ilay renirano rà dia mikoriana eo anoloanay. Fanahy an-tapitrisany no miampita io renirano afo io. Nandeha mbetika ambonin'ny onja mbetika ambaniny. Tsy nisy fivoahana na fialana fa dia may sady nilomano ao anaty farihy afo. Nihodidina ilay havoana izahay ary tonga nanoloana varavarana lehibe iray izay nisy lavaka ngezabe. Teo amin'ny tendron'ny havoana izy io ary nisy rojo be teo amin'ilay varavarana. Lelafo be no nitrerona avy aminy. Nihidy tamin'ny fanalahidy lehibe ilay varavarana. Nanontany tena aho hoe inona no dikan'izany. Tampoka teo, nisy tarehin' olona maloka lavabe mainty niseho teo anoloan'ilay varavarana
- Ao aorian' io varavarana io no misy ny lavaka mangitsokitsoka, hoy Jesosy tamiko. Ny Teniko dia fahamarinana. Avia ka henoy izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana: efa akaiky ny farany. Miantso ny mpanota hibebaka Aho mba ho voavonjy izy ireo.
Jereo amin'izay. Ao anaty hazavana kely izahay, ary ao amin'ny Fanahy miaraka amin'ny Tompo aho. Nojereko ilay fahitana izay niseho teo anoloako, ka indro nisy bibilava mena midorehitra ohatra ny afo, izay nikapokapoka ny rivotra tamin'ilay rambony izay tena lehibe. Nodinihiko io bibilava fanahy io fa nandeha amin'ny hery mahtalanjona. Hitako izy niverina ao amin'ny sandry havanan'ny helo, dia niandry.Teo vao fantatro fa tsy afaka mikapoka ny tany izy raha tsy efa tonga ny ora notendren' Andriamanitra.

FIZARANA FAHA-13: NY SANDRY ANKAVIAN'NY HELO

Nahita afo sy setroka niakatra avy tamin'ny tany aho, ary aloka hafahafa izay niforona manodidina ny tany. Nahita faritra maizina niseho tatsy sy teroa, nanomboka nisy tandroka naniry tamin'ny lohan'ilay bibilava ary nitombo ireo ka nanarona ny tany rehetra. Nanome baiko ilay bibilava amin'izay Satana. Nisy fanahy ratsy sy devoly teo. Hitako ilay bibilava feno fanozonana , nivoaka avy tao amin'ny tànana havanan'ny helo, ka nanomboka nikapoka ny tany tamin'ny hery lehibe, nandratra sy nanimba olona maro.

-Izao no hitranga rehefa any amin'ny farany, hoy Jesosy tamiko. Miakara ambonimbony. Ny sasany tamin'ireo zavatra ireo dia efa miantomboka any ambonin'ny tany, ny sasany dia mbola ho avy, ny sasany efa madiva ny ho avy eo amin'ny tany rehetra. Ny bibilava mahamay dia ny ampahany amin'ny "bibidia". Ireo faminaniana izay novakianareo dia marina, tena marina ireo fanambarana ireo. Miambena ary mivavaha, mifankatiava ianareo, manamasina ny tenanareo, ary ataovy madio ny tenanareo. Ralehilahy, tiava ny vadinareo sahala amin'ny nitiavan'I Kristy ny Fiangonana. Ry mpivady, mifankatiava ianareo tahaka ny nitiavako anareo. Noforoniko ny mariazy, notsofiko rano tamin'ny Teniko. Arovy ny fandrianareo ho masina.
Misasà ianareo noho ny tsy fahamarinana, meteza ho tsy manan-tsiny mitovy Amiko Izay tsy manan-tsiny. Efa voafitaky ny mpandoka ny olo-masin' Andriamanitra . Aza mety voafitaka ianareo. Tsy misy afaka ny hamazivazy an' Andriamanitra. Ny fahalalana dia ho tonga aminareo raha manokatra ny sofinareo ianareo ka mihaino Ahy. Izao no hafatro amin'ny Fiangonana: tandremo ny mpaminany sandoka izay mankeo amin'ny fitoerako masina ary mamitaka amin'ny fiteny mandoka. Henoy ry tany, mihaino ny fampianaran-diso ny oloko ka dia natory. Mifohaza ianareo. Lazaiko aminareo fa ny tsy fahamasinana rehetra dia ota avokoa: midiova ianareo amin'ny otan'ny nofo sy ny saina.

Ny mpaminaniko masina dia miaina fiainana masina, fa ianareo dia mikomy Amiko sy ny fahamasinako, ka dia misintona ozona ho anareo; nanota ianareo ka nahatonga anareo ho andevon'ny aretina sy ny fahafatesana. Nanota ianareo, nikomy tamiko ianareo, nanalavitra ny làlako sy ny fitsarako ianareo, tsy nihaino ny tenin'ny mpaminany lahy sy vavy mpanompoko ianareo, ozona fa tsy tso-drano no azonareo. Mandà ny hitodika Amiko ianareo sy ny mba hibebaka noho ny helokareo.
-Mihainoa ianareo ry Minisitry ny Teniko, aza mampianatra ny oloko hanota Amiko Andriamaniny. Tsarovy fa ny fitsarana dia manomboka ao an- tranon' Andriamanitra. Raha tsy mibebaka ianareo dia ho ariko noho ny fahotana izay nampianarinareo ny oloko. Heverinareo fa jamba ve Aho ka tsy mahita, na marenina ka tsy maheno? Ianareo izay mihazona ny fahamarinana ao amin'ny tsy rariny ary mameno ny paosinareo amin'ny volafotsy sy volamenan' ny mahantra: mibebaha ianareo dieny tsy mbola tara. Amin'ny andro fitsarana, ianareo irery no hiseho eo anatrehako ary ho tsapanareo izay nataonareo tamin'ny Teniko Masina. Raha miantso Ahy sy mibebaka ianareo, dia esoriko amin'ny taninareo ny ozona ary tsofiko rano amin'ny fitsofan-drano mahery ianareo. Raha mibebaka ianareo ary raha menatra ny fahotanareo ianareo, hamindra fo ary honena anareo Aho, tsy ho tsarovako intsony ny helokareo. Mivavaha mba ho mihoatra ny mpandresy ianareo.

Mifohaza amin'ny fiainana ianareo ary mihainoa, mifonà eo anatrehan'ny olona izay navilinareo làlana noho ny fampianaran-diso. Lazao azy fa nanota ianareo ary nampihahaka ny ondriko; mifonà eo anatrehan'ny oloko ianareo. Ankehitriny manomana tafika masina Aho, ary hanatanteraka zavatra mahazendana sy hanimba ny fitoerana avonareo, io tafika io dia tafika lehilahy masina, vehivavy masina, ankizy, tanora lahy sy vavy masina. Nohosorana mba hitory ny Filazantsara marina ireo, hametra-tànana amin' ny marary, ary hiantso ny mpanota hibebaka. Izy io dia tafika na lehilahy miasa, vehivavy mitondra tokantrano, mpitovo, lehilahy sy vehivavy, mpianatra, ireo olona ireo dia olon-tsotra. Satria vitsy amin'ireo olona manan-kaja no mamaly ny antsoko .Ireo olona ireo dia olona tsy nohenoina teny, nampijaliana, noararaotina sy nariana.
Nefa notsofiko rano izy ireo noho ny fasahian'ny fahamasinana sy amin'ny Fanahy. Hanomboka hanatanteraka ny faminaniana izy ireo, ary hanatanteraka ny sitrapoko. Handeha hiresaka ary hiasa miaraka amin'izy ireo Aho. Izy ireo dia ireo izay niverina tamiko tamin'ny fony rehetra, tamin'ny fanahiny rehetra, tamin'ny heriny rehetra, sy ny fisainany rehetra. Hampiverina olona be dia be amin'ny fahamasinana sy ny fahadiovan-tsaina ireo miaramila ireo ».

-"Ho avy ny andro, hanomboka hiasa eo afovoany Aho ary hifidy ireo izay ho ao anatin'ny miaramilako. Hotadiaviko any amin'ny tanan-dehibe izy ireo. Maro no ho gaga amin'ny safidiko. Ho hitanareo izy ireo hiasa manerana ny tany, manatanteraka zava- tsarotra noho ny fitiavany ny Anarako. Mihainoa tsara dia ho hitanareo miasa ny heriko."
-Mbola averiko ihany, aza lotoina ny fandrinan'ny mpivady, aza lotoinareo ny tenanareo izay hipetrahan'ny Fanahy Masina, ny fahotan'ny nofo dia mitarika ny fahotan'ny fanahy. Noforoniko ny lehilahy ho an'ny vehivavy ary ny vehivavy ho an'ny lehilahy, ary nandidy hoe izy roa ireo dia hikambana amin'ny fahamasinan'ny mariazy. Mbola averiko ihany, mifohaza ianareo.
-Ireo miaramila ireo, izay nambaran'ny mpaminany Joela dia hitsangana ary hanao zava-dehibe ho an' Andriamanitra, ny Zanaky ny Fahamarinana dia hitsangana hitondra ny fahasitranana eo ambany helany, ka lasa lavenona eo ambany tongony. Miaramilan'ny Tompo no iantsoana azy ireo. Homeko fanomezam-pahasoavana izy ireo ary hanatanteraka ny asako lehibe.

Manatanteraka fahagagana ho an'ny Tompo Mpandresy izy ireo. Halatsako ho an'ny nofo rehetra ny Fanahiko, ka haminany ny ankizilahinareo sy ny ankizivavinareo. Io tafika io no hiady ny herin'ny ratsy, ka hanimba asan'ny Satana be dia be. Ny miaramilan'io tafika io dia hahazo fanahy marobe ho an'I Jesosy Kristy alohan'ny ahatongavan'ny andron'ny "bibidia".
-Avia, ndao hody amin'izay isika, hoy Jesosy.

FIZARANA FAHA-14: NY VALANORANON'NY HELO

Ela ny ela, niala ny sandry havian'ny helo izahay. Teo ampandehanana izahay, dia hoy indray Jesosy:
-"Lazao amin'ny fianakavianareo fa tiako izy ireo, ka ho raisiko indray amin'ny fitiavana, lazao azy ireo fa harovako amin' ilay ratsy izy ireo raha mametraka ny fitokiany Amiko".

Ny alina manaraka, niditra tao amin'ny atao hoe VALANORANON'NY HELO izaho sy Jesosy.
-"Ry zanako, hoy Jesosy tamiko, aty no atao hoe valanoranon'ny helo. Isaka ny misokatra ny vavan'ny helo dia haheno izany feo be izany ianao".
Hatrany amin'ny farany taza-maso, tsy misy afa tsy fitangoronan'ny fanahy marobe manaraka ny tehezan' ny havoana, ary henoko ny tomanin'izy ireo.
-Ireo fanahy ireo, hoy Jesosy tamiko, dia olona izay vao maty avy any amin'ny tany ka tonga eto amin'ny helo. Ary io toe-javatra io dia mitohy andro aman'alina. Io toerana anankiray amin'ny helo io dia ao anaty aizina no sady nisy zavona maloto. Zara fa nisy hazavana maivana no sady mavomavo. Hila tsy ho tanty ny fofona nofo natono sy ny lo. Isaka ny misokatra ny valanorano ny helo, dia mamoaka loto ny olona marobe very, ohatra ny toerana fanariana fako. Voadona ny fanahiko, nitodika nijery an'I Jesosy aho, tsy teo intsony Izy.
Tsia, Jesosy o aiza Ianao ?
Lasa Jesosy, ary tsapako ho tena irery aho. Aiza Ianao Jesosy? Hoy aho nikiakiaka. Sady nitady Azy aho no nihazakazaka. Nosakanana devoly lehibe izay nitondra rojo aho. Nihomehy ahy izy no niteny tamiko hoe:
-Ho aiza ianao mihazakazaka io ravehivavy? Tsy aty Jesosy mba hanavotra anao. Aty amin'ny helo mandrakizay ianao.
-Tsia, hoy aho nikiakiaka. Avelao aho handeha.

Nokapohiko faran'izay aiko izy, nefa haingana fotsiny no namatorany ahy tamin'ny rojo sady natosiny tamin'ny tany.
Mandritra izaho lavo tamin'ny tany, indro nanomboka nisy zavatra madity madity hafahafa nameno ny tenako manontolo sady maimbo be ka tsapako narary aho. Tsy fantatro izay zavatra nitranga. Henoko niala tamin'ny taolako ny nofoko sy ny hoditro. Nikiakiaka foana aho no natahotra.
-Jesosy ô, aiza Ianao? Hoy aho niantsoantso.
Avy eo, nanomboka naheno ireo kankana marobe tato anatiko tato anatiko aho. Niezaka nanala azy ireo aho, nefa marobe indray no maka ny toeran'ny teo aloha. Tena tsapako ny faharavan'ny tenako. Nanontany tena aho hoe: manonofy ratsy ve aho. Aty amin'ny helo marina ve aho? Nisy fahotana nataoko tamin'Andriamanitra ve? Very ve aho? Nihorohoro, tsapako fa aty amin'ny helo aho sahala amin'ireo fanahy marobe izay hitako sy niresahako.Tsy nisy afa tsy squelette maloto aho nefa reko daholo ny zava-mihatra amiko.

Hitako koa ireo olona hafa izay nitovy tamiko ary hatrany lavitra be any dia izy fotsiny. Te ho faty aho, nefa tsy afaka. Henoko ny afo ao amin'ny ranjoko. Nivalo aho: "Jesosy ô, aiza Ianao?
Tamin'io fotoana io, nisy devoly iray niteny tamiko:
-Navelan'I Jesosinao taty ambany aty ianao ô? Ankehitriny an'I satana ianao. Nisy fihomehezana diabolika nivoaka taminy.
Hoy aho nieritreritra: ahoana no ivoahako avy ato? Inona no zavatra hitranga? Inona no nataoko nahatonga ahy ho aty amin'ny helo? Tompo ô, vonjeo aho, hoy aho sady nitomany. Tsy nijanona mihitsy aho nitomany mba hamonjy ahy Andriamanitra. Sady tsy nahatsapa ny fisiany aho no tsy nahita Azy. Aty amin'ny helo aho miaraka amin'ireo izay hitako. Nitsinkasina tamin'ny tany aho sady feno fangirifiriana sady nitomany. Tsapako fa resy mandrakizay aho. Nanomboka nihira momba ny fiainan'I Jesosy aho sy ny herin'ny Rany Izay afaka mamonjy amin'ny heloka. Nefa tamin'io fotoana io indrindra nisy devoly sady lehibe, matanjaka marobe miaraka amin'ny lefona tonga sady nikiakiaka:
-Ajanony, aty Satana no andriamanitra - halanay Jesosy sy izay rehetra momba Azy.

Notsindrotsindrominy tamin'ny lefona aho ka naheno may be aho rehefa mitsatoka amin'ny tenako ilay lefona.Tsy ankijanona no nandefonan'izy ireo ahy. Nijanona tsy nihira aho ary afaka fotoana ela be dia nentiny niverina tany amin'ny "cellule"- ko aho. Feo mitoloko, mitoreo no heno ao anaty rivotra maloto. Nisy voalavo ngezabe nananika ny ranjoko ka nanaikitra ahy. Nikiakiaka mafy aho no sady nakifiko mafy ilay izy.Naheno fangirifiriana mafy aho. Nisy afo nivoaka, tsy fantatra fiaviana nanomboka nandroso moramora ho aty amiko. Mpanota tonga aty amin'ny helo aho. Ny feoko mikiakiaka no nameno ny valanoranon'ny helo. Tsapako daholo ny zavatra nahazo ahy. Te ho faty aho, nefa tsy afaka. Sady nikiakiaka aho no namely totohondry tamin'ny tanako taolana ny tany nisy ahy tao amin'ny" cellule"-ko. Sady nitomany aho no nikiakiaka, fa tsy nisy niraharaha ahy. Tampoka teo, nisy hery tsy hita maso nisintona ahy hivoaka ny efitra. Rehefa nahatsiaro tena aho, izaho sy ny Tompo nitsangana nanoloana ny tranoko no hitako.
-Tompo ô, fa nahoana? Hoy aho, nahoana? Lavo nianjera teo amin'ny tongony aho, namoy fo.
- Fiadanana ho anao, mitomania, hoy Jesosy tamiko.

Teo noho eo dia nahatsapa fiadanam-po aho.Nobatainy aho, ary natory teo an-tratrany. Ny andro manaraka, dia narary be aho. Nandritra ny andro maro, niverina niainako ny zavatra nampitahotra tany amin'ny helo sy ny adin-tsaina. Taitra aho amin'ny alina sady nikiakiaka be, no miteny hoe: misy kankana be dia be mifanaretsaka amiko.

NY LANITRA

Rehefa niaina irery tao anatin'ny "Valanoranon'ny helo" aho, dia narary nandritra ny andro maro. Navelako nirehitra ny jiro rehefa hatory. Mila ny Baiboly mandrakariva teo akaikiko aho, ary namaky izany nandritra ny andro. Tao anaty harerahana ny fanahiko, ary fantatro nanomboka teo fa izay no iaretan'ny fanahy very any amin'ny helo.
Hoy Jesosy tamiko: "Fiadanana ho anao, aza manahy" ary feno fiadanana ny fanahiko. Minitra vitsy tao aorian'io, fantatro fa tsy irery mihitsy aho. Eo foana Jesosy. Na dia eo aza anefa izy, indraindray dia ohatra ny tsy tsapako ny fanatrehany. Ary natahotra mafy aho ny mbola hiverina any amin'ny helo izay nijanonako tao anaty horohoro. Eny, na dia tamin'ny fotoana sasany naha-teo akaikin'I Jesoa ahy aza.

Tiako hamarinina aminao indray, fa marina ny zavatra vakianao. Ny helo dia toerana fampijaliana no sady feno afo. Tiako ihany koa ny milaza aminao fa misy ny lanitra izay afaka ny ho fonenanao mandrakizay.

Hoy Jesosy tamiko: "Asehoko anao ny fitiavako sy fahari-pon'Andriamanitra ary ny toerana sasany ao an-danitra". Tiako ho hitanao ireo asa mahafinaritra nataon'ny Tompo izay mahasondriana.

Nanoloana anay, indro nisy planeta lehibe anankiroa, izay tsara no be voninahitra amin'ny fahafinaretana rehetra. Izy Andriamanitra ihany no fahazavana. Nisy Anjely nanantona anay ary niteny tamiko:

- Jereo ny fahalebiazany, ny heriny ary ny fiandrianan'Andriamanitra. Asehoko anao ny toerana noforonon' Andriamanitra ho an'ny zanany.

Tampoka teo, indro nisy planeta lehibe namirapiratra nanoloana anay, Planeta izay lehibe noho ny tany. Henoko ny feon'ny Ray:

- "Ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia iray". Ny Ray sy ny Zanaka dia iray, ary ny Ray sy ny Fanahy Masina dia iray. Nirahiko ny Zanako mba ho faty teo ambony hazo fijaliana mba tsy hisy ho very. Nefa asehoko anao ny toerana nomaniko ho an'ny zanako. Tena miahy fatratra ny zanako rehetra aho. Raha misy reny namoy ny zanany, na dia nafoy alohan'ny fotoana tokony hahatongavany eto an-tany aza izy izay toa anao niteraka tsy tonga volana. Hitanao, mahalala ny zavatra rehetra aho ary miahy azy ireo. Amin'ny fotoana izay isian'ny aina ao an-kibon'ny reny, dia efa fantaro. Fantatro avokoa ny amin'ireo zaza izay vonoina ao an-kibon'ny reniny. Ireo fanalan-jaza ho an'ireo zaza tsy niriana, dia fantatra. Fantatro ihany koa ireo izay maty eo am-piterahana ary ireo izay teraka ka tsy zarizary ny taova.

Amin'ny fotoana hiforonany, dia misy sahady ny fanahy. Ny Anjeliko dia midina eny an-tany ary mitondra ireo zaza izay vao nindaosin'ny fahafatesana. Manana toerana aho izay ahafahany mivelatra, mitombo, mahazo fahalalana ary ho tiavina. Omeko vatana manampy ireo izay faritra banga aminy izy ireo. Omeko vatana omem-boninahitra izy ireo.

Eran'ny planeta rehetra, dia tsapa ny hoe "fitiavana" izay tena avy any anaty. Ny fahatanterahana dia maneno ny toerana rehetra. Hatraiza hatraiza, dia ao afovoan'ny tanimboly tapitr'ohatra. Eo amin'ireo hazo maintso sy eo anilan'ny farihin'ny rano krystaly. Misy toerana filalaovana misy seza vita amin'ny marbra ary dabilio vita amin'ny hazo voaravaka. Teny amin'ny toerana rehetra izay nojerena dia feno ankizy manao zavatra maro isan-karazany. Ny ankizy tsirairay dia mitafy akanjo fotsy izay tsy misy pentina ary misy kapa eo an-tongony. Ireo akanjo fotsy ireo dia mazava ary mamirapiratra ao anaty hazavanan'ny planeta. Misy tara-pahazavana ao mifandimby ao amin'io toerana io noho ny fahafotsian'ny ankanjon'ireo ankizy. Ny Anjely no mpiambina ny varavarana, ary ny anaran'ireo zaza rehetra dia voasoratra ao anaty boky.

Nahita ankizy niananatra "Tenin'Andriamanitra" aho ary nampianarina zava-maneno miaraka amin'ny boky volamena. Talanjona aho nahita ireo karazam-biby maro isan-karazany misavily ireo ankizy teo ary nitoetra teo anilany raha mbola tao anatin'io fampiaran'ny Anjely io. Tsy nisy tomany na alahelo. Tsara avokoa ary amin'ny fahafenoany tanteraka ny zava-drehetra ary ny fifaliana sy ny fahasambarana dia manjaka hatraiza hatraiza.
Nasehon'ny Anjely planeta iray aho izay nazava teo anoloako toy ny hazavana be an'ny kintana aman-tapitrisa mamirapiratra. Nahafinaritra avokoa izay rehetra teo amin'io planeta io ary feno aina.

Nahita tendrombohitra roa aho teny alavitra; izay vita amin'ny tena volamena. Teo akaikiko, indro nisy varavarana volomena roa volamena, voaravaka diamondra ary karazam-bato sarobidy. Fantatro fa io ny tany vaovao ary ny Tanana dia namirapiratra teo anoloako dia ny "JEROSALEMA VAOVAO", ny tananan'Andriamanitra ho etoan-tany.

Ary hitako teto amin'ity tany misy antsika ity, ny toetran'ny tany alohan'ny handevonan'ny afo farany azy sy ny fanadiovana azy ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Nisy JEROSALEMA VAOVAO, " CAPITALE DU MILLENIUM". Hitako ny olona nivoaka avy tao an-dava-bato ary nidina ny tendrombohitra ary nanantona ny tanàna masina. Jesosy no mpanjaka ao ary ny firenena rehetra amin'ny tany dia manolotra fanomezana sy manome voninahitra Azy.

Hoy Jesosy tamiko: "Ho avy faingana aho ary hitondra ny Ahy any an-danitra miaraka amiko. Hitsangana aloha ireo maty efa nohamarinina, avy eo ireo velona izay mbola mitoetra dia hantsoina hiakatra hanatona Ahy eny amin'ny habakabaka.

Aorian'io, izay mankahala I Kristy no hanjaka eto an-tany mandritra ny fotoana voatondro; hisy fitsitokotokoana izay tsy mbola nisy hatramin'izay ary tsy hisy toa izany intsony. Ary hiverina aho miaraka amin'ny oloko masina ary Satana dia hohazaina any an-davaka tsy hitanoanoa izay hisy azy mandritra ny arivo taona." Mandritra io arivo taona io, dia hanjaka eto an-tany aho manomboka ao JEROSALEMA VAOVAO. Rehefa afaka izany, dia hafahana mandritra ny fotoana fohy Satana ary horeseko amin'ny fahazavan'ny fahatongavako. Ary ity tena ela ity mandalo. Fa hisy TANY VAOVAO sy JEROSALEMA VAOVAO hidina ary hanjaka mandrakizay mandrakizay aho".

FAHITANA TANY AN-DANITRA

Ny sasany amin'ireto fahitana ireto dia nomena ahy mialohan'ny nitondran'i Jesosy ahy tany an-davaky ny helo. Ny sasany dia nomena ahy tamin'ny fiafaran'ny diako tany an-davaky ny helo.
Nahazo ity fahitana ity aho nandritra ny fotoana nivavahako.

Nahita anjely aho namaky ny horonan-taratasy mirakitra ny nataontsika tety an-tany. Ny anjely sasany dia misy elatra, ny sasany tsy misy, ny sasany goavana, ny sasany kely, fa ny tarehiny dia samihafa daholo, mitovy amin'olombelona ety an-tany. Azo nofantarina tamin'ny tarehiny ny anjely.

Nahita anjely aho variana mandrafitra diamondra ngezabe ary mametraka izany amin'ny foto-trano tsara dia tsara. Mirefy 30cm ny hateviny ary 60cm ny halavany. Kanto dia kanto izy ireo. Isaky ny mahazo fanahy iray Andriamanitra, dia miampy iray ny diamondra apetraka amin'ny tranon'ilay nahazo fanahy iray. **Tsy misy asa foana, rehefa natao ho an' Andriamanitra.**

Fahitana manaraka teo am-pivavahana

Tao amin'ny tontolon'ny Fanahy aho ary nisy anjely nanatona ahy. Nentiny tany an-danitra aho. Nahita seho mahatalanjona mikasika ny fahazavambe sy ny voninahitra mahajambena. Tena manaitra ny mibanjina io Herin' Andriamanitra io. Raha nanatona ilay vavahady goavana izaho sy ilay anjely, ao anaty rindrina lehibe dia nahita anjely tena lehibe roa mitondra sabatra izahay. 15m ny alavan'ireo Anjely ireo ary ny volony dia toy ny kofehy volamena. Avo dia avo ireo vavahady ka tsy hitako ny tampony. Tsy mbola nahita asa kanto sy tsara toy izany aho. Misy sikotra natao tànana manome toy ireny ridô miorongorona mipetraka amin'ny varavarankely ireny mihaingo perla, diamondra, rubis, safira, sns. Misokatra avy any ivelany izy ireo ary misy anjely mitana boky tonga avy any. Rehefa nanao famotorana tao amin'ny boky izy io dia nanambara tamiko tamin'ny fihetsika hoe afaka miditra aho. Ry mpamaky, tsy afaka miditra ao an-danitra ao ianao raha tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anaranao.

Andriamanitra dia nanome ahy koa ity fahitana manaraka ity.
Nahita tohatra midina avy any an-danitra aho tonga ety an-tany, amin'ny tampony dia misy anjely midina ety an-tany ary amin'ny tampony ilany misy ny miakatra any an-danitra, Ireo anjely ireo dia tsy manana elatra fa samy manana boky iray avy izay misy anarana eo amin'ny fonony.
Toa misy anjely manoro toerana ny anjely sasany ary mamaly ny fanontaniana apetrak'ireo. Rehefa voavaly ny fanontaniana dia tsy hita izy ireo. Miaka-midina izy ireto. Mpitondra Tenin' Andriamanitra izy ary manatanteraka ny Baikony. Hentitra sy feno fahasahiana ny fivezivezin' izy ireto.

Fahitana manaraka, nisy anjely iray nitondra ahy tany an-danitra ary nampiseho ahy efitra goavana rakotra rindrina volamena. Misy abidia voasikotra etsy sy eroa mipetraka amin'ilay rindrina. Mitovy ireny tahirim-boky farany izay lehibe ireny. Fa ny boky dia miraikitra ao anatin'ilay rindrina fa tsy mipetraka amin'ny talantalana. Misy anjely manao akanjo lava mamaoka ny boky amin'ny rindrina ary mandinika tsara an'izany. Fantatra mihitsy fa nahazo toromarika hentitra izy ireo amin'ny fanatanterahana ny asany. Mahita boky mifono volamena aho ary ny pejy sasany dia mena. Tena tsara ireo boky. Hoy ilay anjely tamiko hoe: ireo boky ireo dia misy ny horonan-taratasy mirakitra ny fiainan'ny zanak'olombelona teraka tety an-tany. Ary nambarany ahy fa mbola misy efitrano hafa feno boky noho ity hitako ity. Matetika dia misy arikanjely mitondra ny boky eo anatrehan' Andriamanitra mba hanomezany fanekena na tsia. Ao anatin'ireo boky ireo ny vavaka, ny faminaniana, ny fihetsika, ny fitomboana ara-panahy, ny fanahy tonga eo amin'I Jesosy, ny vokatry ny fanahy sy zavatra maro hafa. Izay rehetra ataontsika ety an-tany dia voarakitry ny anjely ao amin'ireo boky ireo. Indraindray dia maka ny boky ny anjely ary manadio izany amin'ny lamba malefaka dia malefaka. Ny pejy voadiony dia lasa mena.

Mbola manamarina aminareo aho fa izay rehetra voalazako dia marina. Tena misy ny helo ary any ny afo sy ny fijaliana. Amin'ny maha-mpanompon' Andriamanitra ahy dia manaiky ny sitrapon'I Jesosy Kristy aho, ary nadikako tsara ireo zavatra nasehony ahy ireo sy izay nolazainy.
Mba hahazoanao mahazo ny tsara indrindra amin'ity boky ity dia tsara raha mamaky ity boky ity ianao ka eo akaikinao ny baiboly ary mampitaha izay nolazainy sy ireo voasoratra ao amin' ny boky masina.
Ho an' Andriamanitra irery anie ny Voninahitra.

Mary Kathryn BAXTER